MINISTERE DE L'ENVIRONNEMENT ET DU DEVELOPPEMENT DURABLE

INDRI
INITIATIVE POUR LE DEVELOPPEMENT
LA RESTAURATION ECOLOGIQUE
ET L'INNOVATION

dreamocracy

# TOLOKEVITRA MIOMPANA AMIN'NY FEPETRA HO FANAMAFISANA NY FITANTANANA NY AFO NANOMBOKA NY TAONA 2021

*Fandraisana anjara amin'ny fanatanterahana ny paikady nasionaly ho fitantanana ny afo*

ALAMINO
AGORA DES PAYSAGES ET DES FORÊTS




ALAMINO
AGORA DES PAYSAGES ET DES FORÊTS

# VENTIN-DOHATENY


- **Lahateny :** Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy 1
- **Lahateny :** Filohan'ny filankevim-pitantanan'ny INDRI 2

**TENY FAMPIDIRANA** **3**

- Miasa anaty hamehana 3
- Tanjona : manena ny doro-ala nanomboka ny taona 2021 4
- Fijery bango tokana : fepetra 4 hiadiana amin'ny doro ala nanomboka ny taona 2021 6

**FEPETRA #1** : **Mamoha ny fahavitrihan'ny olom-pirenena** **7**

**1A.** Manetsika ny olom-pirenana sy ireo mpisehatra isan-tsokajiny ny tomponandraikim-panjakana sy manampahefana 9

**1B.** Manokana andro ho Andro hiadiana amin'ny afo manerana ny Nosy 11

**1D.** Manomboka ny hetsika nasionaly fanabeazana sy fanentanana 12

**FEPETRA #2** : **Manetsika sy mandrindra ireo mpisehatra isan-tsokajiny** **17**

**2A.** Manomana ny fananganana ny Ivontoerana Nasionaly Aro Afo 19

**2B.** Manamafy na/sy manangana Komity Maharitra Miady amin'ny Afo 21

**2D.** Manetsika sy miara-miasa amin'ny vondron-tafika sy mpitandro filaminana, hanohana ny hetsika sy ny ezaka manerana ny Nosy 24

**FEPETRA #3** : **Manara-maso sy mitoroka ny fisian'ny afo** **27**

**3A.** Manamafy ny fanaraha-maso ny afo an-tanety (fisafoana sy fananganana tilikambo fiambenana) 29

**3B.** Manamafy ny fanaraha-maso ny afo amin'ny alalan'ny zanabolana 32

**3D.** Manandrana ny fanaraha-maso ny afo amin'ny alalan'ny "drone" eny amin'ny faritra voasokajy ho lohalarana amin'ny fikajiana ny tontolo iainana 34

**FEPETRA #4** : **Mifehy sy mamono ny afo** **36**

**4A.** Mampitombo isa sy manitatra aro afo manara-penitra 38

**4B.** Mamatsy sy mitantana ireo fitaovana manaram-penitra entina mamono ny afo 41

**4D.** Manandrana ny fampiasana angidimby famonoana afo, eny amin'ny faritra voasokajy ho lohalaharana amin'ny fikajiana ny tontolo iainana 43

**TSARA HO FANTATRA MOMBAN'NY ALAMINO SY NY MPIOMBONANTOKA** **45**

**TENY FISAORANA** **47**



Baomiavotse Vahinala Raharinirina

## Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy

“Nametraka vina ny Filohan’ny Repoblika Andry Nirina Rajoelina nanomboka tamin’ny fandraisany ny fitondrana : ny famerenana indray an’i Madagasikara ho Nosy maitso. Ambom-po goavana izany vina izany, izay miompana amin’ny fambolena hazo 75 000 hektara farafahakeliny isan-taona.

Izany ezaka lehibe izany dia miompana ihany koa amin’ny fiarovana ny ala izay tavela, amin’ny alalan’ny fifehezana sy rindra maty paika ny afo. Ny kolontsaina malagasy anefa dia manamarina ny fisian’ny doro tanety ho fomba amam-panao. Misy izy ireo no ilaina, kanefa, ankehitriny, betsaka no tsy voafehy, izay miteraka voka-dratsy ho an’ny firenena.

Arak’izany, manampy trotraka amin’ny fahasimban’ny harena voajanahary sy miteraka voka-dratsy mihoampampana amin’ny tontolo iainana ny afo (faharinganan’ny ala sy ny karazan-java-mananaina ao aminy) fa indrindra ho an’ny mponina (fihangazanan’ny tany sy faharitran’ny loharano, tsy fanjarian-tsakafo, fahantrana). Noho izany, tafiditra anatin’ireo lokanady fototra ny fitantanana ny afo. Araky ny tarehimarika, 80% ny Malagasy dia mivelona amin’ny fambolena sy fiompiana, manoloana izany, ny Ministeran’ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy dia nanangana ny Paikady Nasionaly ho Fitantanana ny Afo, izay ilàna ny firaisan-kinan’ny olom-pirenena sy ny mpisehatra isan-tsokajiny ankehitriny hahatomombana ny fanatontosana izany.

Ny asa santatra Alamino dia mandray anjara feno amin’ny famohazana ny fahavitrihan’ny olom-pirenena, amin’ny alalan’ny fanomezana lanja ny asa saina iombonana izay nahafahana nanangana tolo-kevitra iraisan’ny mpisehatra marolafy. Manana ny anjara toerany izany asa santatra izany, izay miara-dalana amin’ny ezaka fanetsehana ny olom-pirenena izay imasoan’ny Ministera.

Ireo fepetra aroso ato anatin’ity antontan-kevitra ity, izay vokatry ny fiaraha-miasan’ny Alamino sy ny tenako ary ny ekipa izay tarihako, dia mifandraika indrindra amin’ny Paikady Nasionaly ho Fitantanana ny Afo, ary mandray anjara amin’ny fametrahana sy fanatontosana izany paika izany, iarahana amin’ireo mpisehatra isan-tsokajiny.

Isaorako etoana ireo izay nihetsika nanampy amin’ny fananganana ity antontan-kevitra ity nandritra izay volana maromaro izay, ary tsikaritra ihany koa ny fimaroan’ny mpisehatra nandray anjara : vondron’olona ifotony, tompon’andraikim-panjakana sy manampahefana, orinasa, mpiaramiombonantoka sy mpamatsy vola, fikambanana sy vondrona misehatra amin’ny fiaraha-monina sy asa sosialy, ivotoeram-pikarohana, fiangonana. Manohana hatrany ny hetsika ny Ministera izay sahaniko mba hanatrarana ny fanamby goavana, miompana amin’ny Fitantanana ny afo eto Madagasikara.”

Le Ministre de l’Environnement et du Développement Durable

Baomiavotse Vahinala RAHARINIRINA



Barijaona Ramaholimihaso

## Filohan'ny filankevim-pitantanan'ny INDRI

"Mahafaly ahy ny fananana ity antontan-kevitra ity, izay vokatry ny fomba fiasa miompana amin'ny fanomezan-danja ny asa saina iombonana, izay entina hanamaitso indray ny Nosintsika.

Mananosarotra ny resaka momba ny afo eto Madagasikara, izay tsy hay ny handravona sy hahazo azy raha tsy manetsika ireo mpisehatra isan-tsokajiny izay voakasika amin'izany. Fanamby, nataon' INDRI vaindohan-draharaha nandritra izay enimbolana lasa izay ny vokatra azo, ary andraikitra nosahaniko amin'ny maha mpitan-tsoratra ahy eo anivon' Alamino ny fanamorana ireo asa ireo : ny Agora des Paysages et des Forêts de Madagascar.

Na dia teo aza ny valan'aretina Covid-19, dia tsapa ny fandraisana anjara mavitrika an'ireo mpisehatra isan-tsokajiny nandritra ny atrikasa 7 sy resadresaka maherin'ny 50 nandritra ny fizotran'ny asa. Ankasitrahako ny fandraisan'ny tsirairay voalaza ato anaty antontan-kevitra, izay nahafoy fotoana sy hery ary naneho ny heviny nanamorana ny fanatontosana ny asa.

Isaorako etoana ihany koa ireo rafim-panjakana sy manam-pahefana naneho ny fahatokisany sy ny fandraisany anjara mavitrika : ny Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana, Ministeran'ny Toekarena sy ny Vola, ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena ary ny Ministeran'ny Fanajariana ny tany sy ny Asa vaventy.

Isaorana manokana ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy tamin'ny fandraisany anjara amin'ny asa santatra Alamino, izay niarahana tamin'ireo Tale, ny fifankalozana teo amin'ny ekipa roa tonta ary ny fihaonana sy resaka nifanaovana tamin'i Ramatoa Ministra. Ity fiaraha-miasa ity dia nanamora ny dinika sy karoka, nitondra fandraisan'anjara amin'ny fametrahana ny Paikady Nasionaly ho Fitantanana ny Afo, ary amin'ny fametrahana ny fototra mafy orina ho an'ny asa manaraka.

Lokanady fototra ho an'i Madagasikara ny Fitantanana ny afo. Ny fanovam-paika sy fomba fiasa dia laharam-pahamehana ho an'ny firenena sy ny mponina, ary fotoana izao ihetsehana. Mahavelombolo ny fahavitrihana tamin'ny fanatontosana ity antontan-kevitra ity.

Manohy hatrany ny ezaka ny INDRI, raha efa vita izay ny dingana voalohany. Amin'ny maha mpitan-tsoratra Alamino, nanomboka sahady izahay amin'ny fanamorana ny fanantanterahana ny dingana faharoa momba ny Fitantanana ny afo, izay hifototra amin'ny fandrosoana tolo-kevitra fameno lavitrezaka. Manomboka anio, hiara-dalana amin'ireo andrim-panjakana sy manam-pahefana ary ireo mpisehatra isan-tsokajiny izahay, hanamorana ny fampiharana ireo fepetra natolotra ato anaty antontan-kevitra.

*Arahabaina ny fahombiazana iombonana. Miara mandroso isika hiatrika ireo fanamby* !"

# TENY FAMPIDIRANA

*Alamino, Agora des Paysages et des Forêts à Madagascar dia asa santatra namorain'ny fampivondronan-kevitra nataon'INDRI izay miompana amin'ny fanomezana lanja ny asa saina iombonan'ny mpisehatra isan-tsokajiny, ahafahana manohana ireo tompon'andraiki-panjakana sy manam-pahefana ary ireo mpisehatra rehetra, mba hanatrarana ny tanjona izay : ho famerenana an'i Madagasikara ho Nosy maitso. Mahatsapa ny mpikambana eo anivon'ny Alamino fa anisan'ny laharam-pahamehana ao anatin'ny fanamby napetraka, ny ady amin'ny afo. Ity asa ity izay vokatry ny asa saina nandritra ny enimbolana, tao anatin'izany ny atrikasa 7 sy ny fakan-kevitra roalafy miisa 50. Vondron'olona isankarazany sy sehatra isan-tsokajiny no samy namosaka hevitra ka navondrona ato anatin'ity antontan-kevitra ity. Tanjona ao anatin'izany ny fandraisana anjara amin'ny fanamafisana ny fitantanana sy Fitantanana ny afo ho tombontsoan'ny firenena.*

*Ity asa ity dia mifanaraka amin'ny paikady fototra sahanin'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy : « Famerenana fandrakofana ny ala , Fanarenana ny ala, Fikajiana ny ala » ary voalaza misimisy kokoa ao anatin'ireto teboka ireto : Tanjona faha-3 « Fikajiana ny ala voajanahary », Tanjona faha-4 « Ady amin'ny afo », ary ny lasinasa anisany loharana dia ny « Fanomezana sehatra fifanakalozan-kevitra sy fifampiresahanan'ireo vondron'olona isan-tsokajiny manana anjara asa (vondron'olona ifotony, vondrom-bahoaka) izay mifandraika amin'ny ny olana eo amin'ny fitantanana ny ala ».*

*Ity antonta-kevitra ity dia voarakitra ao anatin'ny Paikady Nasionaly ho Fitantanana ny afo an'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy. Izay ahitana ireo fepetra natolotra mifandraika amin'ireto fototra manaraka ireto :*

***1)*** *Fanamafisana ny drafi-pitantanam-panjakana ho Fitantanana ny afo,*

***2)*** *Fampiroboroboana ny fizaràna sy ny fanapariahana ireo fitaovana manara-penitra ahafahan'ny vondron'olona eny ifotony mitantana sy mifehy ny doro ala eny an-toerana,*

***3)*** *Fanomezana fitaovana manara-penitra ho an' ireo rafitra misahana ny Fitantanana ny afo ahafahana misoroka ny doro ala.*

# Miasa anaty hamehana

Mihasimba ny sahanala sy ny tontolo manodidina eto Madagasikara ankehitriny. Ahitana fihenana ny faritra misy ala, eo ihany koa ny fahaverezan'ny tsiron-tany amin'ireo velaran-tany fambolena, ary ny fihotsahan'ny tany izay ahiana ho tonga any amin'ny fihangazanan'ny tany.

Efa mahatratra 46% amin'ny velaratan'i Madagasikara ny tany mihotsaka sy simba ary miantraika amin'ny 21% ny harin-karena anatiny[1] izany. Manampy trotraka ny fahasimban'ny tany ihany koa ny fiakaran'ny marim-pana noho ny fiovan'ny toetrandro. Ka raha tsy misy ny hetsika ataon'ny olom-pirenena rehetra, dia mbola ahiana hihitatra eran'i Madagasikara ny hain-tany sy ny mosary efa hita taratra any amin'ny faritra sasantsasany.

Nanamarika ny folo taona farany tamin'ny tantaran'i Madagasikara teo ny fandripahana sy ny fandoroana ala. Efa mahatratra 23% ny faritra rakotr'ala no ringana nanomboka ny taona 2000. Ary ny taona 2017 no nahitana fandripahana mihoampapana izay 510.000 hektara no ripaka nandritra ny taona iray monja[2]. Efa misy ireo vokatra nahavelombolo nanomboka ny taona 2019 saingy mbola maro ny ezaka tokony hatao.

---

[1] Nkonya E., Mirzabaev A, and von Braun J (Eds), 2016. Economics of land degradation and improvement. A global assessment for sustainable development. Springer

[2] Global Forest Watch

# Ny anjara toeran'ny afo

Foto-dresaka mila resahina ny afo sy ny doro ala. Anisany antony mampihena ny faritra rakotr'ala ny fanaovana ny tavy (doro tanety, doro ala). Eo ihany koa ireo doro tanety enti-manavao ny voly havadika sakafom-biby izay miverimberina matetika ka mahavery ny tsiron'ny tany ary miteraka ny fihotsahany.

Nahitana doro ala mihoampanana ihany koa teto Madagasikara tanatin'ny taona nifanesy, izay avy amin'ny antony maro samihafa (tavy sy doro tanety tsy voafehy, doro ala ateraky ny tsy fitandremana, avy amin'ny asa fanaovana arina fandrehitra sy ny afon-tsigara, sns).

Herimpo very maina anefa ny fanarenana ny sahanala sy fandrakofana raha tsy atao laharam-pahamehana ny fahaizana mifehy sy miady amin'ny afo. Mila asa voaomana avy amin'ny teny ierana arak'izany ho ampiharina manerana ny nosy mba hiadiana sy hifehezana ny doro ala.

# Tanjona : manena ny doro-ala nanomboka ny taona 2021

Amin'ny maha-vaomiera nasionaly mahaleotena ho famerenana ho Nosy maitso an'I Madagasikara, ny tanjon'ny Alamino dia manamora ny fiaraha-miasa sy fanetsehana miaraka ireo mpisehatra isan-tsokajiny (tompon'andraiki-panjakana sy manam-pahefana, fiarahamonim-pirenena, vondrona sy fikambanana misehatra eo amin'ny fiarahamonina sy asa sosialy, mpamatsy vola, sehatra tsy miankina, raiamandreny ara-panahy) mba hahatongavana any amin'ny famerenana ho nosy maitso an'i Madagasikara (rohy famantarana : www.indri.solutions).

Tao anatin'ny fikaonan-dohan'ny mpikambana, izay nanombohan'Alamino niasa, ny 28 janoary taona 2021, no nahatsapana fa lohahevitra fototra ny resaka momba ny afo. Anisan'ny lohahevitra hodinihana mandritra ity taona 2021 ity ihany koa ny mahakasika ny: fambolenkazo, fananan-tany sy drafi-panjariana, fanabeazana sy fanentanana. Vondron'asa iray no niforona izay miompana amin'ny fitantanana ny afo, ary voasokajy ho tanjona miisa 2

1) Fananganana tolo-kevitra maika ahafahana manena ny afo manomboka ny taona 2021 ;
2) Fananganana sampan-draharaha maharitra miasa amin'ny fanombanana, fitsirihana, fitiliana ary fanoloran-kevitra ahafahana mampiena sy mifehy ny doro-ala.

Ity antonta-kevitra ity dia miompana amin'ilay tanjona voalohany : manalefaka ny voka-dratsy ateraky ny afo eto Madagasikara nanomboka ny 2021. Mitambatra ho **fepetra 4 mazava ny tolo-kevitra izay misandrahaka ho asa mivaingana ary ilaina fiaraha-miasa amin'ny mpisehatra isan-tsokajiny miisa 60 mahery, izay nanaovana dinidinika 50 sy atrikasa 7**. Nomena vahana ny **Vondron'Olona Ifotony** mba hahitana taratra ny fandraisan'izy ireo anjara amin'ny Alamino, ary nisy ireo solontenan'izy ireo (vondron'olona) nampivondronana teto Antananarivo nandritra ny atrikasa ny 22 martsa 2021.

Mason-tsivana 2 no nifantenana ireo tolo-kevitra ireo, avy amin'ny fakan-kevitra notanterahina : vokatra azo tsapain-tanana sy mipaka haingana sy azo tanterahina atomboka ny taona 2021. Ny tolo-kevitra tsirairay dia ahitana drafitr'asa hanamorana ny fanatontosana azy.

**Ity antontan-kevitra ity dia tsy fitambaran'ireo fahalalana rehetra mahakasika ny afo sy ny doro ala ary tsy tambatr'asa hampienana ny afo mitera-doza amin'ny sahanala sy ny ala eto Madagasikara.**

**Hisy ny famakafakana feno mahakasika ny doro ala eto Madagasikara miaraka amin'ny tolo-kevitra entina mitondra vahaolana ara-drafitra izay avoakan'ny 'Alamino ho amin'ny faran'ny taona 2021 ao anatin'ny tatitra faharoa. Izany dia mbola mitaky fandinihana lalina sy tombana momba ny fakan-kevitra ary ny fifarimbonan'ny asa saina hiraisan'ny mpisehatra.**

**Ahoana no ahafahana manova zavatra ao anatin'ny fotoana fohy ?**

Ny mpisehatra mivondrona eo anivon'Alamino dia mahatsapa fa anisan'ny fototra ho amin'ity taona ity ny fanetsehana ny tompon'andraiki-panjakana sy ny manam-pahefana, ny olom-pirenena ary ny vondron-kery rehetra, manana anjara andraikitra amin'ny Fitantanana ny afo. Singa manan-danja arak'izany ny :

- Famohazana ny fahavitrihan'ny olom-pirenena ho amin'ny ady amin'ny doro ala ;
- Fandraisana anjara mavitrik'ireo tompon'andraiki-panjakana sy manam-pahefana isan-tsokajiny ;
- Fanolorana hevitra mora raisina, manan-danja sy mitondra vina lehibe, ary azon'ny olom-pirenena mitsapa vokatra mazava ;
- Fahatsapana fa ny tranga nateraky ny fisian'ny COVID-19 dia manosika hanafaingana ny asa mba tsy ny krizy nateraky ny valan'aretina no hanampy trotraka ny krizy ara-tontolo iainana izay efa mianjady amin'ny vahoaka Malagasy.

**Amin'ny maha mpitan-tsoratry Alamino, ny INDRI dia maneho fisaorana ho an'ireo vondron'olona sy ny mpandray anjara rehetra izay nahafoy fotoana sy hery ho fanatanterahana ity asa sy ezaka iombonana ity. Ny anaran'izy ireo dia voarakitra any amin'ny faran'ity antontan-kevitra ity. Ankasitrahana ny fandraisany anjara sy ny fahatokisany.**

## Fijery bango tokana : fepetra 4 hiadiana amin'ny doro ala nanomboka ny taona 2021

### FEPETRA #1

**MAMOHA NY FAHAVITRIHAN'NY OLOM-PIRENENA**

- Manetsika ny tomponandraiki-panjakana sy manampahefana ary mpisehatra isan-tsokajiny sy ny olom-pirenena rehetra
- Manokana andro iray ho Andro ho Fiadiana amin'ny Afo manerana ny Nosy
- Manomboka ny hetsika nasionaly fanabeazana sy fanentanana

### FEPETRA #2

**MANETSIKA SY MANDRINDRA NY MPISEHATRA ISAN-TSOKAJINY**

- Manomana ny fananganana sy fametrahana ny Ivontoerana Nasionaly Aro Afo
- Manamafy sy/na Manangana Komity Maharitra Miady amin'ny Afo
- Miara-miasa amin'ireo mpitandro filaminana ho fanohanana ny ezaky ny olom-pirenena / fanamafisana ny hetsika nasionaly

### FEPETRA #3

**MANARA-MASO SY MITOROKA NY FISIAN'NY AFO ENY AMIN'NY SAMPAN-DRAHARAHA MIADY AMIN'NY AFO**

- Manamafy ny fanaraha-maso ny afo an-tanety (andrimasompokonolona, tilikambo fiambenana)
- Manamafy ny fanaraha-maso ny afo amin'alalan'ny zanabolana
- Manandrana ny fampiasana Drone ho fanaraha-maso ny faritra voasokajy ho lohalaharana amin'ny fikajiana ny tontolo iainana

### FEPETRA #4

**MIFEHY SY MAMONO NY AFO**

- Mampitombo sy manitatra ny aro afo manara-penitra
- Mamatsy sy mitantana ireo fitaovana manara-penitra entina mamono afo
- Manandrana ny fampiasana angidimby famonoana afo eny amin'ny faritra voasokajy ho lohalaharana amin'ny fikajiana ny tontolo iainana

# FEPETRA #1

## Mamoha ny fahavitrihan'ny olom-pirenena



# FEPETRA #1

## Mamoha ny fahavitrihan'ny olom-pirenena

*Mba ahafahana mamadika ny rasa momba ny resaka afo, tokony ho vaindohan-draharaha nasionaly io petrakolana io. Noho izany, mitaky ny fanetsehana ny mpisehatra isan-tsokajiny. Ny mpikambana eto anivon'ny Alamino dia manolotra hetsika fototra 3 entina manetsika ireo mpisehatra ireo :*

***A.*** *Manetsika ny mpisehatra isan-tsokajiny ny tomponandraikim-panjakana manerana ny Nosy*
***B.*** *Manokana andro iray ho Andro iadiana amin'ny Afo manerana ny Nosy*
***D.*** *Manomboka ny hetsika nasionaly fanabeazana sy fanentanana*

*Ito fepetra ito dia miompana amin'ny Fototra voalohany ao anatin'ny ny paikady nasionaly ho fitantanana ny afo eo anivon'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandosoana Lovainjafy : "Manamafy ny drafi-pitantanam-panjakana amin'ny Fitantanana ny afo", singanina manokana ny Tanjona faha-3 izay mikendry ny fampivoarana ny drafi-panajariana mifanaraka amin'ny fanetsehana ny mpisehatra isan-tsokajiny.*

# 1A. Manetsika ny olom-pirenana sy ireo mpisehatra isan-tsokajiny ny tomponandraikim-panjakana sy manampahefana

> *Ny tomponandraiki-panjakana sy ireo manampahefana isan-tsokajiny dia manana andraikitra eo amin'ny fanamorana ny hetsik'ireo mpisehatra voakasika sy ny olom-pirenena, ary miara-manaiky fa laharam-pahamehana ny fampihenana ny doro ala sy ny fitantanana ny afo ankehitriny.*

## ZAVA-MISY

Tamin'ny fanokafana ny taom-pambolenkazo tany Taolagnaro ny 19 janoary 2021, Andriamatoa Rajoelina Andry Nirina, Filohan'ny Repoblika, dia nanambara fa manana andraikitra isika amin'ny ady sy ny fitantanana ny afo izay sokajiana ho fahavalom-pirenena.

## FANANTONTOSANA

Ho fanamorana ny hetsik'ireo mpisehatra isan-tsokajiny amin'ny fitantanana ny afo, dia manana anjara asa ny tomponandraiki-panjakana sy manampahefana eny ifotony amin'ny fanentanana sy fizarana mahakasika ireto teboka manaraka ireto :

1. Avoitra fa ny fisian'ny doro ala dia "loza mitatao" ho an'ny firenena ary izany dia ahafahana :
    - manentana sy mampahafantatra ny mponina, fa afaka miatrika ny valan'aretina covid-19, no sady mitandro sy mikajy ny harena voajanahary eto Madagasikara.
    - manamafy ny hetsika ataon'ireo tomponandraiki-panjakana sy manampahefana isan-tsojakiny eo anivon'ny fitondrana: ankolafy politika, fitondrana foibe, ny faritra, ny kaominina, ny fokontany, ny mpitandro filaminana, ny fitsarana sy ny ambaratongany samihafa.
    - mandrisika ireo vondrona isan-tsokajiny handray anjara, hanamafy ny ady sy tolona amin'ny afo: fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena, sehatra tsy miankina, vondrona sy fikambanana misehatra eo amin'ny fiarahamonina sy ny asa sosialy, mpamatsy vola.

2. Any amin'ireo faritra mena (toerana saropady amin'ny afo), dia ilaina ny fametrahana na/sy fanamafisana ny « Komity Maharitra Miady amin'ny Afo », araka ny didy 87-143, entina handrindrana ny hetsika ho an'ny ady amin'ny doro ala eny ifotony (hita ao amin'ny Fepetra 2B)

3. Fanetsehana ireo mpiombonantoka teknika sy mpamatsy vola, mba hanohana amin'ny alalalan'ny fampitaovana entina hanaraha-maso sy hiadivana amin'ny afo (tilikambo fiambenana, fitaovana fitateran-drano, fiara mpamatsy rano, sns), ary indrindra ny fanofanana amin'ny fampiasana ireo fitaovana ireo (hita ao amin'ny Fepetra 4B). Ireo toerana, vondron'olona na mpisehatra afaka misitraka ireo fitaovana ireo ny:
    - faritra arovana , izay manana drafitra ho an'ny ady amin'ny afo ;
    - kaominina sy fokontany manakaiky ireo faritra saropady amin'ny afo, ary maniry ny hanangana komity miady amin'ny afo ;
    - fokontany manana ny Komity miady amin'ny afo.

4. Fampahafantarana ny fiforonan'ny mpamonjy voina miandraikitra ny tontolo ambanivohitra (mpamonjy voina misahana ny ady amin'ny afo sy ny doro ala, hita ao amin'ny Fepetra 2D) mba hiaro ireo toerana saropady amin'ny afo, ao anatin'izany ireo faritra arovana sy ireo toerana mitahiry karazan-javamananaina maro, mba hiatrehan'izy ireo ara-potoana any amin'ireo toerana mananosarotra ny mifehy ny afo. Izany dia mitaky :
   - fanofanana amin'ny famantarana sy fifehezana ireo karazan'afo, entina mamantatra ny afo (doro tanety, doro ala) mifanaraka amin'ny lalàna na tsia, ary indrindra ny fomba hidirana an-tsehatra amin'ny fitantanana ny afo ;
   - famoronana fitsipi-pitondran-tena mendrika, iaraha-mamolavola amin'ny fiarahamonim-pirenena, entina mifandray sy mifankahazo amin'ny ireo vondron'olona ifotony izay voakasika amin'ny fandoroana ny ala ;
   - fitaovana manara-penitra hiadiana sy hifehezana ny afo;
   - Vola sy fitaovana entina manomboka ireo andrana, eny amin'ireo toerana voatokana dieny taona 2021. Izany andrana izany dia azo ampiharina ny taona manaraka raha ahitàna vokatra mivaingana.
   - fanaraha-maso ny fiforonana sy fivoaran'ny afo amin'ny alalan'ny drone;
   - fanapariahana rano amin'ny alalan'ny fampiasana angidimby misy "bambi bucket".

5. Fanamafisana ny fandraisan'ireo mpisehatra isan-tsokajiny anjara, mba hisian'ny fiaraha-mitantana mahomby amin'ny alalan'ny:
   - fampandraisana anjara mavitrika, ireo mpisehatra namboly hazo mba handray an-tanana ihany koa amin'ny fitantanana sy ny ady amin'ny afo;
   - fiaraha-miasa amin'ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana mba hanetsika ireo faritra, ny prefektiora, ny fokontany, sns. Amin'ny Fitantanana ny afo ;
   - famoronana paika miainga eny ifotony, entina hifehezana ny afo amin'ny alalan'ny fakan-kevitra, any amin'ireo vondrom-piarahamonina sy ny mpisehatra eny ifotony ;
   - famporisihana azy ireo sy fizaràna ny fomba fanao mahomby amin'ny fanatontosana ny asa eny ifotony ;

## 1B. Manokana andro ho Andro hiadiana amin'ny afo manerana ny Nosy

> *Ilaina ny manentana sy manetsika ny mpisehatra isan-tsokajiny voakasiky ny fitantanana ny afo. Noho izany, ny mpikambana eto anivon'Alamino dia manolo-kevitra mba hisian'ny andro natokana ho an'ny ady atao amin'ny afo sy ny doro ala manerana ny Nosy, izay hotanterahina isan-taona.*

### FANATONTOSANA

Ny tomponandraiki-panjakana sy manampahefana isan-tsokajiny no hampahafantatra ity andro natokana hiadiana amin'ny afo ity, ary azo atomboka avy hatrany amin'ny taona 2021 izany. Ny volana may no hanatanterahana azy isan-taona, izay fotoana anisany mampirongatra ny doro ala sy ny doro tanety. Azo ahemotra kosa anefa izany ho amin'ity taona 2021 ity ihany, satria dia efa nanomboka ny fotoanan'ny doro ala. Ireo hetsika azo tanterahina amin'io andro io:

- manao asa fanentanana sy lohabary an-dasy, ahafahana mamantatra ny antom-pisian'ny doro tanety eo an-toerana, ary ny fanamafisana ny fandraisan'anjaran'ny mponina voakasika amin'ny ezaka fampihenana ny doro ala sy ny doro tanety;
- miara-miasa sy manetsika ny olom-pirenena rehetra amin'ny fanamboarana aro afo, manodidina ireo toeram-pambolen-kazo sy ny faritra arovana;
- maneho ny fandraisana an-tanan'ny tomponandraiki-panjakana sy manampahefana isan-tsokajiny, mahakasika ny ady amin'ny afo, ahafahana manamora ny fanetsehana ireo mpisehatra sy ny mponina ho amin'ity ezaka iombonana ity;
- manome lanja ireo kaominina mendrika eo amin'ny Fitantanana ny afo, entina mankasitraka sy mampahery azy ireo hanohy ny asa nahitam-bokany izay nataony;
- manokatra sehatra ifanakalozana mahakasika ireo fomba fanao mahomby eo amin'ireo mponina avy amin'ireo kaominina mendrika sy ny kaominina hafa, hanamorana ny fampiharana ireo fepetra entina miady amin'ny afo;
- manao antso avo ireo izay nanatanteraka fambolen-kazo mba hiaro sy hanara-maso akaiky ireo faritra nambolen'izy ireo.

Ny fanantanterahana ity andro nasionaly ity dia:

- nalaina ohatra avy amin'ny andro nasionaly ho an'ny fambolen-kazo efa misy eto Madagasikara;
- entina mamoaka lohahevitra voafaritra mazava isan-taona.

### NY TOMBONY SY TEBOKA MITAKY FAHAMALINANA

| Ny tombony | Teboka mitaky fahamalinana |
|---|---|
| • Mampitovy tantana ny ezaka eo amin'ny ady amin'ny afo sy ny fambolen-kazo ho hetsika andraisan'ny olom-pirenena anjara.<br>• Ahafahana mahita sy mampahafantatra ny tomponandraiki-panjakana sy manampahefana isan-tsokajiny, ny tena zava-misy sy ny olana sedrain'ny vondron'olona eny ifotony.<br>• Manome anjara asa ny tomponandraiki-panjakana sy manampahefana, ahatsapan'izy ireo ny lanjan'ny ady amin'ny afo eo amin'ny sehatra politika. | • Manao andrimaso ny fitohizan'ny asa mba ahitàna vokatra mivaingana. Satria ny hetsika indray isan-taona tsy arahana asa, dia mitarika ny fihenanan'ny fahavitrihan'ireo mpisehatra eo amin'ny ady amin'ny afo.<br>• Ny fanaovana ny aro afo dia mitaky fanentanana miaraka aminy (ny fanaovana ireo aro afo any amin'ireo faritra sasany dia tsy midika fa azo atao ny doro ala any amin'ireo faritra tsy misy aro afo). |

# 1D. Manomboka ny hetsika nasionaly fanabeazana sy fanentanana

*Fanombohana ny hetsika nasionaly voarindra, arahana ventin-kevitra enti-mampihetsika ny tsirairay, ahafahany mandray anjara feno sy mitondra ny anjara birikiny amin'ny fiadiana amin'ny afo. Kendrena amin'izany hetsika izany ireto karazana mpisehatra dimy ireto : tomponandraikim-panjakana sy manampahefana, mponina sy vondrom-piarahamonina ifotony, mponina eny amin'ny tontolo an-drenivohitra mpisera an-tambazotra sy an-tranonkala, mpisehatra eo amin'ny fitaterana, raiamandreny ara-panahy sy ara-drazana.*

## ZAVA-MISY

Ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy dia efa nanangana sampan-draharaha misahana ny ady amin'ny afo, manampy amin'ny fanetsehana ny mponina eny ifotony. Nanentana sy nanetsika ny isam-paritra ihany koa ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy. Efa nisy koa ny fanetsehana tamin'ny alalan'ny onjam-peo izay notontosain'ireo Fitaleavam-paritry ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy. Nandritra ny Tetikasa PADAP (Fanentanana sy famporisihana ny hay fambolena maharitra amin'ny alalan'ny fanajariana sy fanatsarana ny sahanala), dia nahitana hetsika fanentanana teo anivon'ny kaominina 13, ireo vondrombahoaka itsinjaram-pahefana (CTD), ireo fikambanana sy vondron'olona ifotony. Nanampy tosika tamin'ny fanetsehana ihany koa ireo rafitra miankina sy tsy miankina ary ireo vondrona sy fikambanana misehatra eo amin'ny fiarahamonina sy asa sosialy samihafa.

| Fanamby |
| --- |
| • Amin'ny ankapobeny, miankina amin'ireo tetikasa sy ny mpamatsy vola ny hetsika fanentanana, miantefa amina toerana voafaritra, ary raha ny endrika isehoany amin'izao vanim-potoana izao dia tsy mahafapo ny vokatra azo. Tsy azo ihodivirana ny fanavaozana ny fomba fiasa mifanaraka amin'ny zava-misy.<br>• Lokanady fototra ny fanangonana sy fanomezana lanja ny traikefa efa misy, entina manitatra ireo hetsika ireo (eo amin'ny lafin'ny faharetany sy toerana voakasika) ary ny handrindrana azy manerana ny Nosy. |

## FANATONTOSANA NY HETSIKA

### Fandrindrana

Eo amin'ny sehatra nasionaly, ny hetsika dia arindran'ny komity mpitantanana, izay tarihin'ny departemantan'ny Seraseran'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy. Io komity mpitantana io dia avondrona sy tohanan'ny asa santatra Alamino, ary manana an'ireto anjara asa ireto :

- fisafidianana sy fiantsoana orinasa sy mpahay serasera, mitan-tsoroka sy miara-dalana amin'ny fanatontosana ny asa ;
- manangana drafitra sy paika arahana tetibola (amin'ny alalan'ny fakana lesona tamin'ny fahombiazana sy tsy fahatomombanan'ireo hetsika fanentanana efa natao) efa voatsinjara manaraka ny fotoana ;

- manetsika ireo mpamatsy vola ;
- ary mitarika sy mandrindra ny fanatontosana ny hetsika.

Ahitana ireto dingana ireto ny fandrafetana ny paika tarihin'ny komity mpitantana :

- Mamaritra ny olana fototra, ho vahana amin'ny alal..an'ny hetsika.
- Mandrafitra ny tanjon-tserasera sy ireo fomba fanentanana,
- Manasokajy ny vondrona kendrena,
- Mamorona ny ventin-kevitra fototra sy ny singa entina handresen-dahatra, ho an'ny sarambabem-bahoaka sy vondron'olona voafantina arakaraky ny vondrona kendrena,
- Ny vokatr'ity asa ity dia manampy amin'ny famaritana ny fantson-tserasera sy ny tohan-tserasera enti-manatanteraka ny asa.

Ity komity mpitantana ity dia manamora ny fampivondronan'ireto mpisehatra manaraka ireto :

- Ho an'ny ventin-kevitra teknika : Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy, Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana ary ny Jono, ireo vondrona sy fikambanana misehatra eo amin'ny fiarahamonina sy asa sosialy, ireo vondron'ny tantsaha, fiarahamonim-pirenena, mpikaroka, tompon'orinasa fanaovan-gazety, holafitry ny mpanao gazety, sns.
- Ho an'ny fanomezana endrika sy ny fomba fanehoana ny hetsika, mba hipaka amin'ireo mpisehatra kendrena : mpanakanto sy mpihira, mpanao gazety, mpitarika an-tambazotra sosialy... Ireo vondrona ireo dia manangana vokatra vaovao sy manaraka ny toetrandro amin'ny famokarana tohan-tserasera (sary sy kisary, fanatontosana horonantsary, tambazotra sosialy, hetsika sy fampisehoana)
- Ho fanapariahana ny ventin-kevitra : Holafitry ny mpanao gazety, vondrona iraisan'ny onjam-peo, raiamandreny ara-drazana sy ara-panahy, mpitarika sy mpanetsika an-tranonkala sy amin'onjam-peo.

Tanterahina amin'ny alalan'ny fandefasana lahatsoratra eny anivon'ireo kaominina, ny fampitana ireo fanapahan-kevitra nasionaly ho eny ifotony, izay iandraiketan'ny Governora isam-paritra.

Manamora sy mampahomby ny fivoizana ny ventin-kevitra isam-paritra ny fametrahana Komity mpitantana eny ifotony. Mivondrona ao anatin'izany : ireo solombavambahoaka, ireo Governora isam-paritra, ireo ben'ny tanàna, ireo mpiandraikitra ny faritra arovana, ireo Vondron'Olona Ifotony (VOI).

## Sokajin'asa atolotra ho an'ny vondrona kendrena isan-tsokajiny

### Vondrona kendrena 1 : Tomponandraikim-panjakana sy manampahefana eny ifotony

Ny fanetsehana sy fandraisan'anjaran'ireo tomponandraikim-panjakana sy manampahefana eny ifotony dia manamora sy mampirindra ny fampiharana ireo fepetra ary manampy amin'ny fanetsehana ny vahoaka izay entin'izy ireo.

Eny anivon'ny kaominina, laharam-pahamehana ny fananan'ireo Ben'ny tanàna sy Filoham-pokotany torolalana ho amin'ny fanetsehana, voadika amin'ny fitenim-paritra mirakitra ny fepetra amin'ny antsipirihany, ny lalàna velona sy fitsipika mihatra eto amin'ny firenena, mikasika ny ady amin'ny afo. Fa alohan'izay, mitaky lalàna mifanaraka amin'ny zava-misy, mazava sy azon'ny rehetra. Atao izany mba hananan'ireo Ben'ny tanàna sy Filoham-pokontany tohan-tserasera (torolalana) mazava ahafahan'izy ireo mampita ny ventin-kevitra sy manabe ireo olom-pirenena eny ifotony izay tarihany. Ireo torolalana ireo koa dia zaraina amin'ireo mponina eny an-toerana, manampy azy hahalala sy hanaraka ny lalàna velona.

Sainina ihany koa ny fanomezana mari-pankasitrahana ho an'ireo tomponandraikitra eny ifotony na/sy ny Kaominina iray manontolo, izay mandray andraikitra sy mendrika amin'ny fiadiana amin'ny afo, entina mampirisika azy ireo hihetsika sy hiezaka.

## Vondrona kendrena 2 : Ireo Vohitra sy vondrom-piarahamonina eny ifotony

Ireo vondrom-piarahamonina eny amin'ny tontolo ambanivohitra ireo dia sady mpandray anjara no mpisitraka no miaina ny voka-dratsy ateraky ny afo. Mahatonga azy ireo ho vondrona ifotoran'ny ankabeazan'ny ezaka sy ny asa fanetsehana. Ny ventin-kevitra ho voizina dia iaraha-manangana sy iaraha-miasa amin'ireo solotenan'ireo vondrom-piarahamonina ireo.

Tsindriana manokana ary omen-danja ny fanetsehana sy fanentanana amin'ny alalan'ny onjam-peo, enti-mampita ny ventin-kevitra (indrindra ny fanaovana miara-manonja sy fampiasana ny « radio-carte »), eny amin'ireo ivontoeran-kolotsaina « tranompokonolona », eny amin'ireo tsena, eny amin'ny fafana misy peta-drindrina eny anivon'ny fokontany, ireo sekoly sy toeram-pitsaboana fototra.

Mba hampahomby ny hetsika :

- Ialàna ny ventin-kevitra mibaiko sy misetrasetra : miompana kokoa amin'ny ventin-kevitra mihabo sy mampirisika, mizara torohay sy angom-baovao amin'ny olom-pirenena eny ifotony, hampirisihana azy ireo hanao ezaka ary miresaka amin'izy ireo ny asa santatra mahomby ;
- Mampirisika sy mandresy lahatra ny olom-pirenena eny ifotony amin'ny alalan'ny fampahafantarana ireo kaominina mendrika amin'ny fiadiana amin'ny afo. Fizarana ny fomba fanao mahomby sy ny tombontsoa azon'izy ireo ;
- Fampidirana sy fanomezan-danja ireo torohay sy angom-baovao mikasika ny lalàna sy fitsipika sy ara-teknika, ary asongadina ireo andraikitry ny mpandray anjara isan-tsokajiny (Tomponandraiki-panjakana sy manampahefana, fiarahamonim-pirenena, Vondrona sy fikambanana misehatra eo amin'ny fiarahamonina sy asa sosialy, sehatra tsy miankina ary ny mponina ifotony) ;
- Mamoy ny ventin-kevitra : « Laharam-pahamehana alohan'ny fambolen-kazo ny miaro ny hazo voavoly »
- Fanaovana vaindohan-draharaha sy fanomezan-danja manokana ny faritra mena (toa an'I Boeny, Betsiboka, Menabe), amin'ny fampandraisana anjara an'ireo "Komity ny Ala sy ny Tontolo Iainana" (KASTI), "Vondron'Olona Ifotony" (VOI), Komity Miaro amin'ny Doro Tanety" (KMDT) ;
- Fanatsarana ny fampiharana sy fanatontosana, ary itarina mandritra ny taona maromaro mba hipaka amin'ny tsirairay sy hahazoana vokatra mivaingana ;
- Henoina sy omena anjara fitenenana ireo mponina sy ny vondron'olona ifotony amin'ny alalan'ny fandaharana an'onjampeo.

## Vondrona kendrena 3 : Mponina eny amin'ny tontolo an-drenivohitra / mpisera an-tranonkala sy tambazotra sosialy

Tsapa fa resaka mahakasika ny mponina eny amin'ny tontolo ambanivohitra sy tsy dia misera an-tranonkala ny afo. Manampy trotraka ihany koa ny tsy fahazoana angom-baovao amin'ny alalan'ny fahitalavitra. Na izany aza, tsy tokony atao ambanin-javatra ny fanetsehana ny mponina an-drenivohitra sy ireo mpisera an-tranonkala/ sy an-tambazotra sosialy, satria :

- misy amin'ireo afo ateraky ny tsy fitandremana, dia vokatry ny fivezivezen'ny mponina eny amin'ny tontolo an-drenivohitra ;
- tsy mitsaha-mitombo ny isan'ireo mpisera an-tranonkala sy an-tambazotra sosialy (indrindra ny Facebook) ary tafiditra amin'izany ireo faritra ambanivohitra sasantsasany ;
- be ireo mponina eny amin'ny tontolo an-drenivohitra no manana rohim-pihavanana amin'ireo mponina eny amin'ny tontolo ambanivohitra ;
- ireo mponina eny amin'ny tontolo an-drenivohitra sy mpisera an-tranonkala sy an-tambajotra sosialy ary ao anatin'izany ireo mpitarika sy tompondraiki-panjakana sy tsy miankina, mandray anjara amin'ny fanetsehana ny mponina eny ifotony isaky ny faritra iandraiketany ;
- Ireo mpisera izay analin-kisa dia manamora sy manampy tosika ny fiseraserana sy fampiharana ireo fanapahan-kevim-panjakana eto amin'ny firenena sy ny sehatra iraisam-pirenena.

Ireto avy ny fomba azo anetsehana ireo mponina eny amin'ny tontolo an-drenivohitra sy mpisera an-tranokala sy an-tambazotra sosialy:

- fanetsehana amin'ny alalan'ny peta-drindrina eny amin'ireo tanan-dehibe ;
- amin'ny alalan'ny fahitalavitra : ventin-kevitra enti-manetsika, bileta « afo » mitovy lasitra amin'ny bileta « toetrandro » ;

- hetsika goavana ao amin'ny Facebook sy Instagram ;
- hetsika amin'ny alalan'ny fandaharana an'onjam-peo, mampandray anjara ny mpihaino eny anivon'ireo onjam-peo be mpihaino ;
- fomba maro azo isafidianan'ny olom-pirenena entiny maneho ny fandraisany anjara amin'ny hetsika (fanangonan-tsonia, fanaovana antso ho amin'ny fanomezana sy fanampiana, na/sy hetsika...) .

## Vondrona kendrena 4 : Mpisehatra eo anivon'ny fitaterana

Ito vondrona kendrena ito dia voasokajy ho isan'ny laharam-pahamehana, satria izy ireo dia ahiana hanao fihetsika mitera-doza (Manipy afon-tsigara avy ao anaty fiara), indrindra ireo mampiasa ny lalana manakaiky na manamorona na koa mamakivaky valan-javaboahary nasionaly.

Tolokevitra :

- peta-drindrina amin'ny fiara fitaterana amin'ny zotra mampifandray ny faritra, eny amoron'ny lalana manakaiky faritra mora mirehitra, miompana amin'ny fiadiana amin'ny afo sy ny doro ala ary indrindra ireo loza ateraky ny tsy fitandremana ;
- horonantsary fanetsehana sy fanentanana ho an'ireo fiara fitaterana amin'ny zotra mampifandray ireo faritra sy fitateram-bahoaka an-tanandehibe, izay manana fahitalavitra anaty fiara ;
- horonantsary sy horonam-peo fanetsehana sy fanentanana eny amin'ny tobim-piantsonana manana fahitalavitra.

## Vondrona kendrena 5 : Raiamandreny ara-panahy sy mpitarika ara-pinoana isankarazany

Mba hipaka amin'ny olom-pirenena tsirairay ny hetsika nasionaly, ny mpikambana eto anivon'ny Alamino dia manolo-kevitra ny hampandraisana anjara ireo raiamandreny ara-panahy sy mpitarika ara-pinoana, ao anatin'ny famolavolana sy fanatontosana ny asa santatra. Arak'izany, miparitaka manerana ny Nosy ireo toeram-pivavahana sy toeram-piangonana ary akaiky ny olom-pirenena. Toerana anomezana sehatra ny fampivondronana sy fanaovana lohabary an-dasy. Manaraka izany, ireo mpisehatra ara-pinoana sy ara-pivavahana, dia mandray anjara feno amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ary vonona hifanampy amin'ny ezaka sy hetsika fanentanana.
Singanina manokana ary omen-danja ny fiaraha-miasa amin'ireo raiamandreny ara-drazana. Ny vohitr'Ambohimanga izay mampivondrona ireo Raimandreny ara-drazana eto Madagasikara ary iaraha-miasa sy hetsehana handray anjara.

## NY TOMBONY SY TEBOKA MITAKY FAHAMALINANA

| Ny tombony | Teboka mitaky fahamalinana |
|---|---|
| • Maneho amin'ny mponina sy ny vahoaka, fa laharam-pahamehana ho an'i Madagasikara ny ady amin'ny afo.<br>• Manokatra adihevitra mahakasika ny afo.<br>• Afaka misoroka afo manomboka amin'ity taona ity, indrindra ireo afo ateraky ny tsy fitandremana.<br>• Manokatra sehatra ahafahan'ireo olona voakasika (tantsaha, mponina amin'ireo kaominina ambanivohitra) maneho hevitra, mba ho tafiditra ao amin'ny andavanandrompiainan'izy ireo ny ady amin'ny afo.<br>• Ny serasera mampandray anjara dia mitarika ireo olona voaentana, mba hitondra fanentanana indray ho an'ny manodidina azy. | • Mety ho amin'ampahany ny vokatra azo satria noho ny filàna no anaovan'ny olona tavy sy doro tanety. Mahomby anefa izany raha miara-dalana amin'ny famporisihana sy fomba fiasa maro azo isafidianana, ny serasera.<br>• Tsy azo ihodivirana ny fanaovana jery todika ireo hetsika efa natao (fahombiazana/lesoka) ahazoana vokatra mahafa-po amin'ny hetsika ho atao.<br>• Tsy mifantoka amin'ny kristianina ihany fa omen-danja ny fireham-pinoana rehetra.<br>• Omena lanja manokana ny raiamandreny ara-drazana, izay afaka mitondra fomba fijery vaovao mba hampahomby kokoa ny fanatonana ny mpisehatra.<br>• Mila sainina ny tahan'ny tsy fahaiza-mamaky teny sy manoratra eny amin'ny faritra kendrena, ary ampifanarahana amin'ny zava-misy ny fitaovan-tserasera. |

## TOLO-KEVITRA AVY AMIN'IREO VONDRON'NY TANTSAHA

- Zava-dehibe ny fametrahana kaominina mendrika, ary ny fananganana sy fanatanterahana fitsidihana ireo kaominina ireo, fifanakalozana eo amin'ny samy tantsaha ahafahana mifanakalo ireo fomba fanao mahomby.
- Zava-dehibe koa ny fanaovana hetsika fanentanana mifanaraka amin'ny zava-misy, eny anivon'ireo vondron'olona ifotony, sy ny filàn'izy ireo ary ny fahefany manatanteraka.

# FEPETRA #2

## Manetsika sy mandrindra ireo mpisehatra isan-tsokajiny



# FEPETRA #2

## Manetsika sy mandrindra ireo mpisehatra isan-tsokajiny

*Mba hahatomombana ny fanatontosana sy ampahomby ireo fepetra, laharam-pahamehana ny fametrahana rafitra maharitra, hahaizana manisy lamina eo amin'ireo mpisehatra isan-tsokajiny, ary hanetsehana azy ireo handray anjara amin'ny ady amin'ny afo eny ifotony sy manerana ny Nosy. Tafiditra ao anatin'ireo mpisehatra ireo ny vondron-tafika sy ny mpitandro filaminana, izay manana anjara asa lehibe amin'ny fanohanana ny hetsika voarindra. Ny mpikambana eto anivon'ny Alamino dia manolotra tolo-kevitra sy hetsika fototra 3, entina manatratra ireo tanjona ireo :*

***A.** Manomana ny fananganana ny Ivontoerana Nasionaly Aro Afo (CNAF)*
***B.** Manamafy na/sy manangana ireo Komity Maharitra Miady amin'ny Afo*
***D.** Manetsika sy miara-miasa amin'ny vondron-tafika sy mpitandro filaminana, hanohana ny hetsika sy ny ezaka manerana ny Nosy*

*Ity fepetra ity dia nositomina tamin'ny Fototra 1 ao anatin'ny Paikady Nasionaly ho fitantanana ny afo novolavolain'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy: "Fanamafiasna ny drafi-pandaminana amin'ny fitantanana ny afo » sy ny fototra 2 : « Fampiroboroboana ny fifampizaràna sy ny fanapariahana ireo fitaovana manara-penitra ahafahan'ny vondron'olona eny ifotony mitantana sy mifehy ny doro ala eny an-toerana ».*

# 2A. Manomana ny fananganana ny Ivontoerana Nasionaly Aro Afo

> *Fananganana Ivontoerana Nasionaly Aro Afo (CNAF), mamondrona ireo mpisehatra isan-tsokajiny sy ireo angom-baovao, enti-mandrindra ireo hetsika sy ny fanatontosana ny drafitra nasionaly hiadiana amin'ny afo.*

## ZAVA-MISY

Ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy dia nametraka sehatra an-tranokala « géoportail », izay iarahany miasa amin'ny Ecole Supérieure des Sciences agronomiques (laboratoire de recherche LandDev), miompana amin'ny loza ateraky ny afo sy ny fanaraha-maso an'izany. Ankoatra izay, misy ihany koa ny vondron'asa ifarimbonan'ny rafitra sy sehatra isan-karazany enti-mitantana ny tany sy tanety, izay manana tanjona miompana amin'ny fampivondronana ireo mpisehatra isan-tsokajiny (rafim-panjakana, vondrona sy fikambanana misehatra eo amin'ny fiarahamonina sy asa sosialy, sehatra tsy miankina) ary miresaka sy misahana indrindra amin'ny ady amin'ny afo.

| Fanamby |
| --- |
| • Tsy manana rafitra manokana misahana ny ady amin'ny afo sy fitaovana enti-mihetsika avy amin'ny Ministera isan-tsokajiny i Madagasikara. Vokatr'izany, ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy irery no itodihan'ny tinady sy vesatra, kanefa voafetra ihany ny fitaovana sy fahefa-manao ary ny teti-bola eo anivon'ny Ministera, ka tsy ahafahana manatanteraka ireo asa, mifanaraka amin'ireo lokanady. |

## FANATONTOSONA NY HETSIKA

Ny Ivontoerana Nasionaly Aro Afo (CNAF) dia nalaina ohatra tamin'ny Ivontoerana Famongorana ny Valala eto Madagasikara (IFVM). Io ivontoerana io dia niforona ny taona 2000, ary nahitana fahombiazana tamin'ny ady amin'ny andiam-balala eto Madagasikara, tamin'ny alalan'ny fandrindrana ny hetsika teo anivon'ireo mpisehatra isan-tsokajiny nandray anjara.

Ahafahana manamora ny dingana rehetra, ny Ivontoerana Nasionaly Aro Afo (CNAF) dia azo atsangana avy amin'ny alalan'ny tobim-panarahamaso nasionalin'ny afo, izay efa natomboky ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Loavinjafy. Izany dia ahafahana manitatra ny asa mba tsy hijanona fotsiny amin'ny fanaraha-maso ny afo, fa ahafahany ihany koa mandrindra sy manatontosa ny hetsika hiadiana amin'ny Afo. Ahafahan'ny CNAF manatanteraka ny asany, azony ianteherana ny fampiasana ny géoportail fanaraha-maso sy fiadiana amin'ny afo efa napetraky ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy.

**Ireto avy ny anjara asan'ny Ivontoerana Nasionaly Aro Afo (CNAF) :**

- Mampivondrona ireo mpisehatra marolafy, hihetsika sy handray anjara amin'ny ady amin'ny afo (tomponandraiki-panjakana sy mampahefana sivily sy miaramila eny ifotony sy manerana ny Nosy, sehatra tsy miankina, fiarahamonim-pirenena, mpikaroka, vondrona sy fikambanana misehatra eo amin'ny fiarahamonina sy asa sosialy…) ;
- Mandrindra ny fanatontosana ny paikady nasionaly ho fitantanana ny afo ;
- Mamaha ny olana misy mandritra ny fanatontosana ity paikady ity ;

- Mamaritra ireo arofenitra mifanaraka amin'ny zava-misy, arahana rehefa misy doro ala sy doro tanety eny anivon'ny isam-paritra ;
- Manaramaso akaiky ireo singa anisan'ny fototra amaritana ny fahombiazana sy ny tsy fahatomombanan'ny fampiharana ny fepetra : faritra rakotra ala, isan'ny teboka fiforonan'ny afo, faritra rakotra ala sy zava-maniry simban'ny afo ;
- Manaramaso sy manombana ireo hetsika izay natomboka ;
- Mametraka fomba fiasa sy dingana hitohizan'ny fanatsarana ny paikady nasionaly ho fitantanana ny afo, miainga amin'ny fototry ny fanombanana.

## NY TOMBONY SY TEBOKA MITAKY FAHAMALINANA

| Ny tombony | Teboka mitaky fahamalinana |
|---|---|
| • Ny Ivontoerana Nasionaly Aro Afo dia niainga avy amin'ny rafitra efa nahitàna vokatra.<br>• Azo atao ny manangana azy avy amin'ny rafi-pitantanana efa nisy.<br>• Manamora ny fiaraha-miasa eo amin'ireo ministera isan-tsokajiny sy ireo mpisehatra marolafy.<br>• Ny fisiany dia afaka mampiakatra ny ambom-po eo amin'ny fanantanterahana ny asa ary indrindra ny hampaharitra azy. | • Famaritana ny asa miandry ny Ivontoerna Nasionaly Aro Afo sy ny fizarana andraikitra eo amin'izy ireo sy ny rafitra hafa.<br>• Fitadiavana famatsiam-bola maharitra entina mampiodina ny asa araka ny lokanady andrandraina. |

## TOLO-KEVITRA AVY AMIN'IREO VONDRON'NY TANTSAHA

Ireo vondron'ny tantsaha dia mahatsapa fa azo raisina ny tolo-kevitra. Fa mila tsindriana kosa ny fananana olona afaka hanentana sy hanetsika ny olona eny an-toerana, indrindra any amin'ireo toerana saropady, mba hipaka eny ifotony ny asa avy eny amin'ny fandrindrana foibe.

# 2B. Manamafy na/sy manangana Komity Maharitra Miady amin'ny Afo

*Fiaraha-miasa amin'ny fokontany amin'ny fanamafisana na fananganana ireo Komity ireo (didy 87-143), amin'ny alalan'ny fampandraisana anjara mavitrika ireo olona to-teny eo anivon'ny fiarahamonina (tomponandraiki-panjakana sy manampahefana, raiamandreny ara-drazana, raimandreny ara-panahy, ny zokiolona sy ny olobe, fianakaviana voafantina) indrindra any amin'ireo toerana tena ahitana doro ala.*

## ZAVA-MISY

Voarakitra ao amin'ny ny didy 87-143 ny 20 aprily 1987, ny mahakasika ny fananganana sy fametrahana ny « Komity maharitra miady amin'ny afo mety hitera-doza any amin'ny tontolo ambanivohitra ». Ireo komitin'ny afo ireo izay mifamatotra amin'ny kaominina sy fokontany, dia efa nisy manerana an'i Madagasikara tany amin'ny taona 1980 tany. Fa ny tsy fahampian'ny enti-manana sy tsy fananomezan-danja ireo komity ireo no antony nahafoana ny ankamaroan'izy ireo.

Na dia izany aza dia misy ireo rafitra eny ifotony mbola mijoro mandrak'ankehitriny ary miseho amin'ny endriny samihafa :

- "Komitin'ny Ala sy ny Tontolo Iainana" (KASTI) eny anivon'ny kaominina ;
- "Vaomieran'ny Ala" (VNA) eny anivon'ny Vondron'Olona Ifotony (VOI) ;
- "Komity Miaro amin'ny Doro Tanety" (KMDT) eny anivon'ny fokontany ;
- Misy ihany koa ireo komity izay misahana ny fanombanana ireo kaominina (fifaninana Kaominina mendrika), amin'ny alalan'ny taham-pambolen-kazo sy ny fitantanana ny afo ;
- **Komitim-paritra miady amin'ny afo (task force), eny anivon'ireo faritra 5 tarihidn'ny Governora sy ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana.**

Ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy dia mikasa ny hanome fitaovana hiadiana amin'ny afo ho an' ireo komity ireo ny taona 2021.

Misy amin'ireo komity miady amin'ny afo, ohatra amin'izany ny tany amin'ny faritra Boeny no niverina niasa indray ary naneho vokatra mahavelombelo. Io ezaka io no nampiainga sy nampisy fandaharanasa hafa: Fanentanana sy famporisihana ny hay fambolena maharitra amin'ny alalan'ny fanajariana sy fanatsarana ny sahanala (PADAP), Fandaharanasa miady amin'ny Fihotsahan'ny Tany, Fandaharanasa ho fiarovana sy fanarenana ny tany (PROSOL) izay maniry ny haka tahaka ity lasitra ity.

| Fanamby |
| --- |
| • Ny komity miady amin'ny afo dia matetika rafitra tsy ara-panjakana ary miasa amin'ny alalan'ny firotsahana an-tsitrapo.<br>• Tsy ampy ny ho enti-manana eo amin'ny lafiny fitaovana, ny olona, ny vola ahafahan'ilay komity miodina ara-dalàna.<br>• Tsy misy manerana an'i Madagasikara fa mijanona amina toerana vitsivitsy. |

## FANATONTOSANA NY HETSIKA

### Manao ahoana ny fandrafetana ireo komity sy fotoam-piasan'ireo komity miady amin'ny afo ?

Ny tanjon'ireo komity ireo dia mandrindra sy manatanteraka ireo asa eny ifotony hiadiana amin'ny afo. Araka ny didy laharana 2002-723, ireo komity ireo dia ahitàna: Solontena 2 avy amin'ny olom-boafidy eo an-toerana, olona miasa eo anivon'ny sampan-draharahan'ny fambolena, solontena 1 avy amin'ny mpitandro filaminana, solontena iray avy amin'ireo vondrona sy fikambanana misehatra eo amin'ny tontolo iainana eo amin'ilay faritra, solontena iray avy amin'ny sampana famantarana ny toetry ny andro.

### Aiza no tena ifotoran'ny asa amin'ity taona 2021 ity ?

Ho amin'ity taona 2021 ity, ny asa dia hifantoka kokoa any amin'ireo toerana izay tena ahitàna doro ala mety hitera-doza, indrindra any amin'ireo faritra arovana izay tandindomin-doza. Ka avy amin'ny ireo traikefa azo nandritra ny hetsika natao amin'ity taona 2021 ity no hahafahana manitatra ny hetsika ho amin'ny taona manaraka.

### Inona ny asa hiatomboka ny taona 2021 ?

Any amin'ireo toerana voasokajy ho lohalaharana amin'ny ady amin'ny afo, dia ilaina ny :

- Mijery ireo komity misy sy mbola miasa ;
- Mametraka fiaraha-miasa eo amin'ireo komity sy ny fokontany, raha tsy misy rafitra efa nitsangana eo amin'ilay toerana ;
- Mandinika ny fomba fiasa sy ny fahombiazana na ny lesoka ary mamantatra ny filàna amin'ny lafiny vola sy fitaovana ;
- Mamatsy fitaovana manara-penitra ho an'ny ady amin'ny afo (hita ao amin'ny hetsika 4B, mamatsy sy mitantana ireo fitaovana manara-penitra entina mamono afo) ;
- Manokatra sehatra ifampizarana fomba fanao mahomby iarahana amin'ireo komity mendrika sy nahomby teo amin'ny fitantanana ny afo (faritra Boeny) ;
- Mampahafantatra ampahibemaso ny fisian'ireo komity, ary ny fametrahana azy ireo amin'ny fomba ofisialy, mba ho fantatry ny mponina ny fisian'izy ireo (fitsidihan'ny tomponandraiki-panjakana sy manampahefana mba hanolotra samboady ho an'izy ireo) ;
- Mampandray anjara mavitrika ireo Governora, ny Distrika, ny vohitra sy tanàna, ary ny sefom-pokontany amin'io komity io ;
- Manambara amin'ny fomba ofisialy ny famoronana na fanamafisana ireo komity ireo ;
- Manohana ireo komity sy ny rafitra miady amin'ny afo ;
- Mandinika ny amin'ny hanomezana sazy, ho an'ireo kaominina izay tena ahitana doro ala mihoapampana ;
- Mampivondrona ireo asa misy ifotony ary mijery ny fototra mila fanatsarana.

## NY TOMBONY SY TEBOKA MITAKY FAHAMALINANA

| Ny tombony | Teboka mitaky fahamalinana |
|---|---|
| • Ny fisian'ireo komity ireo dia efa novinavinaina ho apetraka anaty lalàna.<br>• Manome vahana ny sehatra eny ifotony amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra sy mandrindra ny hetsika eny ifotony, mba ahazoana vokatra azo tsapain-tanana<br>• Manome alalana hanao fitsirihana ireo mpisehatra marolafy (vondrona sy fikambanana misehatra eo amin'ny fiarahamonina sy ny asa sosialy, tomponandraiki-panjakana sy manampahefana, vondrom-piarahamonina) ny famatsiam-bola sy ny fitaovana natolotra teny an-toerana, hisorohana ny kolikoly sy ny halatra. | • Mihevitra ny amin'ny handinihana ny anton'ny nahafoana ireo komity na koa ny tsy fisiany, mba hitondrana valiny mahafa-po entina mamaha ny olana misy. |

## TOLO-KEVITRA AVY AMIN'IREO VONDRON'NY TANTSAHA

Efa misy ireo komity eny ifotony izay miady amin'ny afo, fa ireo mpisehatra mandray anjara amin'ny tolona kosa dia tsy ampy risi-po na fampitaovana entin'ny komity miasa ara-dalàna.

# 2D. Manetsika sy miara-miasa amin'ny vondron-tafika sy mpitandro filaminana, hanohana ny hetsika sy ny ezaka manerana ny Nosy

> *Fanetsehana sy fiaraha-miasa amin'ny tafika sy ny zandarimaria, amin'ny fanamafisana ny fitsirihana sy famonoana afo, fampanajana ny lalàna ary ny fitandroana filaminana sy fiarovana ny mpiandraikitra miady amin'ny afo.*

## ZAVA-MISY

Anjara asan'ny mpitandro filaminana tanteraka ny ady atao amin'ny afo. Ny didy hitsivolana n°60-127 dia manamarika fa "ny tomponandraikim-panjakana eo an-toerana dia tokony mandray ny fepetra rehetra hahafahana mamono sy mametra ny fiparitahan'ny afo, ary miantso ny hery vonjy taitra rehetra [...]" Arak'izany, ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy dia manetsika ireo mpitandro ny filaminana isan'ambaratongany. Izany anefa dia mitaky fanamafisana mifanaraka amin'ireo lokanady izay napetraka. Mitoby isam-paritra ary manerana ny tanin'i Madagasikara ny tafika sy ny zandarimaria. Azo atao ny manetsika azy ireo mafimafy kokoa, eo amin'ny fanohanana ny ady atao amin'ny afo. Ohatra mivaingana iray ny fambolen-kazo izay maneho fa ireo mpitandro filaminana dia mandray anjara feno amin'ireo hetsika ara-tontolo iainana, voarakitra anatin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

Mifanaraka amin'ny hetsiky ny mpitandro ny filaminana, dia azontsika lazaina ny niseho tao Ankarafantsika, izay nifandrimbonan'ireo ratsamangaikan'ny fitaleavam-paritra eo anivon'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy (DREDD) sy ny mpamonjy voina, izay namono ny afo.

| Fanamby |
| --- |
| • Mbola vitsy ny isan'ireo tafika sy zandarimaria mihetsika manampy amin'ny ady atao amin'ny afo.<br>• Fanamafisana ny fiaraha-miasan'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy amin'ny tafika sy ny zandarimaria.<br>• Ny fanafoanana ny asa fanompoana eo anivon'ny tafika dia nampihena ny fahefa-manao.<br>• Ireo mpamatsy vola sy mpiombonantoka dia tsy afaka mamatsy vola ny tafika. |

## FANATONTOSANA NY ASA

Ny fiaraha-miasa amin'ny tafika sy ny zandarimaria, amin'ny ady atao amin'ny afo dia tokony arindra amin'ny alalan'ny arofenim-piasana, izay iarahan'ny Ministera sy ireo mpitantana ny valanjavaboahary. Ireto avy ny asa azo iantsorohan'ny tafika sy ny zandarimaria :

### Mitandro ny filaminana sy ny fampanajana ny lalàna velona

- Amin'ny fametrahana ny mpitandro ny filaminana amin'ireo faritra arovana, ahiana sy manana taha ambony amin'ny resaka fanapotehina sy fanimbana ny karazan-javamananaina, hisorohana ny fandikan-dalàna mifandraika amin'ny tontolo iainana ;
- Mitandro ny filaminan'ny mpisehatra isan-tsokajiny (mpitantana ny valanjavaboahary, ny mpian'ala, ny vondron'olona ifotony) miady amin'ny afo, indrindra eny amin'ny faritra saropady ;
- Miaro sy mikojakoja ny fitaovana ary ny fotodrafitrasa ahetsika, entina miady amin'ny afo (siniben-drano, tilikambo fiambenana, drones) ;

- Mampanaja sy mampihatra ny lalàna ho an'ireo izay minia mandrehitra afo sy mitrandraka antsokosoko ny harem-pirenena.

### Manara-maso ny teboka fiforonan'ny afo

Ny fitobian'ny mpitandro ny filaminana eny an-kianja, dia manampy amin'ny fametrahana lamina sy ho fampanajana ny lalàna eny amin'ny faritra saropady, ary hahafahan'izy ireo manara-maso ny afo, amin'ny fiaraha-misalaha amin'ny mpisehatra mandray anjara amin'io asa io. Noho izany, ilaina ny fifanaraham-piaraha-miasa mazava, atao miaraka amin'ny Vondron'Olona Ifotony na ireo mpitantana ny valanjavaboahary.

### Misoroka sy mamono ny afo

Manetsika ny tafika sy ny zandarimaria hamono ny afo, izay iarahana-miasa amin'ny tomponandraikitra eny ifotony sy ny fokonolona, ary mampiasa ireo fitaovana nomanina ao amin'ny hetsika 4B « Mamatsy sy mandrindra ny fitaovana entina miady amin'ny afo ».

Afaka maneho ny fahaiza-manaony ihany koa ny tafika, amin'ny fametrahana ireo aro afo.  Ny fitaovana efa eo am-pelatanana no hahetsika amin'izany. (Hita ao amin'ny hetsika 4A "Mampitombo sy Manitatra ny aro afo manara-penitra.")

### Miomana amin'ny fananganana ny mpamonjy voina miandraikitra ny tontolo ambanivohitra

Ito mpamonjy voina miandraikitra ny tontolo ambanivohitra ito dia natsangana avy amin'ny fiaraha-miasan'ny tafika sy ny zandarimaria, ary ahafahana mamaly haingana ny filàna eny amin'ny faritra saropady, miaraka amin'ny:

- fiofanana momba ny karazan'afo, entina hanasokajiana ireo afo ara-dalàna sy tsy ara-dalàna. Io fiofanana io ihany koa no mampianatra azy ireo ny fomba fiasa entina iatrehana ny afo;
- fitsipi-pitondran-tena mendrika, iaraha-mamolavola amin'ny fiarahamonim-pirenena, entina mifandray sy mifankahazo amin'ny ireo vondron'olona ifotony izay voakasika amin'ny fandoroana ny ala;
- fampiasana fitaovana mifandraika amin'ny teknika fiadiana amin'ny afo;
- Fisiany manerana ny faritry Madagasikara.

Zava-dehibe ny mametraka ara-dalàna ireto mpamonjy voina miandraikitra ny tontolo ambanivohitra ireto, mba ahazoany tosika avy amin'ireo mpamatsy vola.

## NY TOMBONY SY TEBOKA MITAKY FAHAMALINANA

| Ny tombony | Teboka mitaky fahamalinana |
|---|---|
| • Ny tafika sy ny zandarimaria dia mora ahetsika kokoa noho ireo mpisehatra hafa, noho ny rafitra efa mipetraka eo aminy.<br>• Manana tafika mitoby manerana an'i Madagasikara ny vondron-tafika.<br>• Ny famoronana sampana mpamonjy voina miandraikitra ny tontolo ambanivohitra dia mameno banga maro. | • Ireo asa ireo dia tsy tafiditra anaty teti-bolan'ny tafika na ny zandarimaria 2021.<br>• Ny ankamaroan'ny mpamatsy vola iraisam-pirenena dia tsy afaka mamatsy vola mivantana ny tafika.<br>• Tsy tokony hisy mpisehatra hafa miditra amin'ny fitandroana ny filaminana, raha toa ka ametrahana andian-tafika eny an-tanana. Tokony hilamin-tsaina ireo vondron'olona ifotony amin'ny fisian'izy ireo an-tanana.<br>• Tsy tokony hivaona amin'ny andraikiny fototra, izay mitandro ny filaminana sy mampanaja lalàna ny tafika sy ny zandarimaria. Noho izany, voafetra ny isan'ireo misahana ny ady amin'ny afo. |

## TOLO-KEVITRA AVY AMIN'IREO VONDRON'NY TANTSAHA

Ny vondron'ny tantsaha nakan-kevitra dia nanolotra ireto hevitra ireto :

- ny famoronana sampana mpamonjy voina miandraikitra ny tontolo ambanivohitra ;
- ny famoronana borigady miady amin'ny afo isam-paritra.

# FEPETRA #3

## Manara-maso sy mitoroka ny fisian'ny afo



# FEPETRA #3

## Manara-maso sy mitoroka ny fisian'ny afo

*Alohan'ny hanolorana ny drafi-pitantanana ho an'ny ady amin'ny afo, dia tsy azo hihodivirana ny fametrahana ny paikady sy fitaovana mahomby sy mifameno, mba hitiliana ny fiforonan'ny afo, mitsirika sy mitoroka ireo afo tsy mifanaraka amin'ny lalàna sy mety hitera-doza. Ny mpikambana eto anivon'ny Alamino dia manolotra hetsika fototra 3 entina manatratra ny tanjona :*

***A.*** *Manamafy ny fanaraha-maso ny afo an-tanety (fisafoana, tilikambo fiambenana)*
***B.*** *Manamafy ny fanaraha-maso sy fitorohana ny afo amin'ny alalan'ny zanabolana*
***D.*** *Manandrana ny fanaraha-maso amin'ny alalan'ny drone, eny amin'ny faritra voasokajy ho lohalaharana amin'ny fikajiana ny tontolo iainana*

*Ity fepetra ity dia nosotomina tamin'ny fototra faha-2 ny Paikady nasionaly ho fitantanana ny afo novolavolain'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy dia ny « Fampiroboroboana ny fizaràna sy ny fanapariahana ireo fitaovana, ahafahan'ny vondron'olona eny ifotony mitantana sy mifehy ny doro ala eny an-toerana. Ary ao amin'ny fototra faha-4 dia ny « Fanomezana fitaovana manara-penitra ho an' ireo rafitra misahana ny fifehezana ny afo, ahafahana miady amin'ny afo sy misoroka ny doro ala ».*

# 3A. Manamafy ny fanaraha-maso ny afo an-tanety (fisafoana sy fananganana tilikambo fiambenana)

> *Manangana tilikambo fiambenana ary manamafy ny fisafoana, mba hitsirika sy hitoroka eny amin'ny sampan-draharaha miady amin'ny afo, ireo afo tsy manara-dalàna sy mety hitera-doza*

## ZAVA-MISY

Ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy dia miara-miasa amin'ireo mpitantana valanjavaboahary, amin'ny fanaraha-maso ireo faritra rakotr'ala. Ny Fitaleavam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy kosa no misahana ny fanaraha-maso eny amin'ny faritra hafa, ankoatran'ny valanjavaboahary.
Ny eny anivon'ny Madagascar National Parks (MNP) kosa, dia ireo olona miasa eo anivon'ny valanjavaboahary no mihetsika amin'ny fanaraha-maso ny fisian'ny afo, amin'ny alalan'ny fitsirihana eny amin'ny tilikambo fiambenana. Mbola tsy ampy anefa ny enti-manana ahafahana manamafy ny fanaraha-maso any amin'ireo faritra saropady, kanefa tsy azo hihodivirana izany, mba ho fampanajàna ny fitsipika sy fitsirihana ny fiforonan'ny afo.

| Fanamby |
|---|
| • Tsy afaka miantoka ny fanaraha-maso tsy tapaka ny fisian'ny afo anefa ny ekipa mpiandraikitra sy ireo mpitantana valanjavaboahary, noho ny fahavitsiany. Mitaky fiaraha-miasa amin'ireo mpitandro filaminana sy ny fanetsehena ireo vondron'olona ifotony hiara-dalana amin'izy ireo izany.<br>• Ny Fitaleavam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy izay mandray anjara mavitrika amin'ny fanaraha-maso ny afo, dia tsy ampy ekipa, eo ihany koa ny enti-manana amin'ny lafin'ny fitaovana sy vola. Mpiandraikitry ny ala 1 monja no mandray an-tanana ny fanaraha-maso ny faritra rakotr'ala efa ho 30.000 hektara eo anivon'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy (Sahala amin'ny hoe olona telo monja no manara-maso ny faritra rakotr'ala ao La Réunion).<br>• Ny fahavitsian'ny tilikambo fiambenana dia mampananoasarotra ny fanaraha-maso any amin'ireo faritra lemaka. |

## FANATONTOSANA NY ASA

### Toerana sy sehatra ifantohan'ny asa

Ireo tilikambo fiambenana dia tokony hatsangana amina toerana tsy mifanalavitra ireo toerana arovana mba hahafahana manara-maso azy tsara, indrindra ny fanaraha-maso any amin'ireo ala voasokajy ho lohalaharana amin'ny fiarovana, ohatra amin'izany ny:

- Faritra lemaka izay mananosarotra ny fanaraha-maso azy ;
- Faritra rakotr'ala mikitroka izay mananosarotra ny manara-maso azy.

### Fananganana

Ny fananganana dia azo ampiandraiketana ireo orinasa matihanina. Ohatra amin'izany ny tany Ranomafana, nampiandraiketan'ny MNP orinasa matihanina iray ny fananganana ireo tilikambo fiambenana vita amin'ny varafasy miisa 6. Natao varafasy moa ireo tilikambo ireo mba hiantohana ny faharetany ary tsy atahorana amin'ny halatra.

### Iza no miantoka ny fanaraha-maso ?

Satria mbola eo ny fahavitsin'ireo olona miandraikitra ny valanjavaboahary, dia tsy azo hihodivirana ny fanetsehana ireo vondron'olona ifotony amin'ny fanaraha-maso ny fisian'ny afo, ao anatin'ny fanarahana ireto fepetra ireto :

- Manome tambin-karama ireo Vondron'Olona Ifotony (VOI) entin'izy ireo manao ny asany ;
- Mametraka fiaraha-miasa eo amin'ny mpiandraikitry ny valanjavaboahary/Fikambanana sy vondrona misehatra eo amin'ny fiarahamonina sy asa sosialy/Fitaleavam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy sy ny Vondron'Olona Ifotony mba hanara-maso ny asa ;
- Miantoka ny fanamafisana ny fahafaha-manaon'ireo vondron'olona ifotony, ary manome lanja ny fanaraha-maso ataon'izy ireo ;
- Mampifanaraka ny asa amin'ny kolontsaina sy ny fomba fanao eny ifotony mba ho tafiditra ao anatin'ny andavanandrom-piainan'izy ireo ny fanaraha-maso.

Ny tafika sy ny zandarmaria dia afaka manohana ny VOI amin'ny fanaovana ny fanaraha-maso (hita ao amin'ny hetsika 2D "Manetsika sy miara-miasa amin'ny vondron-tafika sy mpitandro filaminana, hanohana ny hetsika sy ny ezaka manerana ny Nosy").

### Vanim-potoana iasàna

Mamantatra ny fotoana mampirongatra ny doro ala any amin'ny ireo faritra araha-maso ary manamafy ny fanaraha-maso mandritra izany vanim-potoana izany.

## TORO TEKNIKA

| Tilikambo fiambenana | |
|---|---|
| **Hahavo** | Manodidina 10 metatra farafahaavony |
| **Toerana taka-maso** | Miova araka ny sori-kisarin-tany ny toerana taka-maso. Ohatra amin'izany ny toerana any Antsanitia, izay tantanan'ny VOI Taratra dia ahitàna tilikambo fiambenana 4, izay ny iray amin'ireo dia hanaraha-maso 100 hektara amin'ny alalan'ny masolavitra. |
| **Fitaovana** | Ireo tilikambo fiambenana dia na vita amin'ny vy (andrin-tambajotram-pifandraisana), na vita min'ny varafasy (toy ny siniben-drano). Misy koa ny tilikambo vita amin'ny hazo, vita fototra varafasy, izay tsy amporisihana ny fananganana azy, noho izy tsy maharitra sady tsy voaaro. |
| **Vidiny** | Miovaova araka ny fitaovana ampiasaina ny vidiny. Ny tilikambo fiambenana 4 natsangana tao amin'ny toby rakotr'ala Antsanitia dia 700.000 ar ny iray. |
| **Fetra** | Raha rako-javona eo amin'ilay faritra araha-maso dia manahirana ny fitsirihana ny fiforonan'ny afo. |
| **Fisafoana** | |
| **Karama** | Tambin-karama izay omena ny VOI manao fisafoana :<br>5000 hatramin'ny 8000 ar isanandro. |

## NY TOMBONY SY TEBOKA MITAKY FAHAMALINANA

| Ny tombony | Teboka mitaky fahamalinana |
|---|---|
| • Mety hanalefaka ny doro ala ny fisian'ireo fisafoana.<br>• Ny tilikambo fiambenana sy ny fisafoana dia ilaina hanara-maso ny fitevena ala, fitrandrahana tsy ara-dalàna, ny fanaovana arina fandrehitra, ary manao fanaraha-maso ara-tontolo iainana. | • Very maina anefa ity asa ity raha tsy ampy ny enti-manana sy ny vahaolana mahomby entina miatrika ny afo. Mitaky drafitra maty paika, miovaova araka ny toerana voafantina izany.<br>• Fanamafisana ny fandraisana anjara mavitriky ny VOI amin'ny fanaraha-maso ny fisian'ny afo. Amin'ny alalan'ny fijerena akaiky ny tombontsoa amin'ny lafiny fiharian-karena amin'ny fitantanana ny ala (onitra karibonina, zahavoahary), sy/na fanomezana tambin-karama mifanaraka amin'ny asa ataon'izy ireo. |

## TOLO-KEVITRY NY VONDRON'NY TANTSAHA

Efa misy ireo rafitra misahana ny fanaraha-maso ny fisian'ny afo (Komity Miaro amin'ny Doro Tanety KMDT). Kanefa tsy ampy ny fahavitrihan'ireo olona mandray anjara hampahomby ny fanaraha-maso. Tokony misitraka tambin-karama, ary mahazo fankasitrahana avy amin'ireo tomponandraiki-panjakana sy manampahefana eny an-toerana ary ny vondrom-piarahamonina ny KMDT, izay manao fisafoana saika ho isanandro.

# 3B. Manamafy ny fanaraha-maso ny afo amin'ny alalan'ny zanabolana

> *Manamafy ny fanaraha-maso ny afo amin'ny alalan'ny zanabolana, amin'ny alalan'ny fitaovana FIRMS NASA, ahafahana mamaritra sy mitoroka ny teboka fiforonan'ny afo, ary ahafahana manangona ny torohay ilaina amin'ny haben'ny afo sy ny fivoarany isam-paritra.*

## ZAVA-MISY

Ny fanaraha-maso ny afo amin'ny alalan'ny zana-bolana dia efa misy eto Madagasikara, amin'ny alalan'ny fampiasana ny fitaovana « FIRMS NASA » (Fire Information for Resource Management System). Ity fitaovana ity dia maimaimpoana sy azon'ny sarambambem-bahoaka ampiasaina amin'ny alalan'ny finday. Efa maro ny mpisehatra mampiasa ity fitaovana ity ho fiadiana amin'ny afo, ary voalohany amin'izany ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy sy ny Madagascar National Parks (MNP).
Natsangana ny « Géoportail » an-tranonkala, mikasika ny loza ateraky ny afo sy ny fanaraha-maso, tamin'ny alalan'ny fifanaraha-mpiarahamiasa teo amin'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy sy ny Global Fire Monitoring Center/ Regional Fire Management Resource Centers – Eastern Africa (GFMC/RFMRC-EA), nanomboka ny volana desambra 2020. Izany no nahafahana nahazo ireo torohay momban'ny afo nanomboka ny taona 2016, mamantatra ny fivoaran'ny afo eny amin'ny faritra mirehitra, ara-potoana, ary ahafahana maminavina ny toerana sy ny vanim-potoana mety hisy doro tanety sy doro ala.

| Fanamby |
| --- |
| • Mba hampahomby ny fanaraha-maso amin'ny alalan'ny zanabolana, ilaina ny manome ny torohay ara-potoana ho an'ny mpisehatra voakasika voalohany, ary manetsika drafi-pitantanana mahomby amin'ny famonoana ny afo.<br>• Eo anivon'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy dia mila ampiana ny loharanon-karena eo amin'ny lafiny olombelona sy fitaovana. Amin'izao fotoana izao dia mpiandraikitra iray monja no misahana ny fanaraha-maso amin'ny alalan'ny zanabolana, manerana ny Nosy, ary voafetra ny fahafahana mitahiry torohay, tonga hatrany amin'ny famafana torohay sasantsasany. |

## FANATONTOSANA NY ASA

Ho an'ny taona 2021, ny ezaka dia miompana amin'ireto teboka manaraka ireto :

- Mampitombo ny loharanon-karena eo amin'ny lafiny olombelona sy fitaovana ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy, natokana ho an'ny fanaraha-maso ny teboka fiforonan'ny afo, avy amin'ny zana-bolana.
- Mandrindra ny fanaraha-maso ny afo avy amin'ny alalan'ny zanabolana, manerana ny Nosy, amin'ny alalan'ny Ivontoerana Nasionaly Aro Afo (hita ao amin'ny Hetsika 2B) ary eny ifotony amin'ny alalan'ny Komity Maharitra Miady amin'ny Afo. (Hita ao amin'ny hetsika 2B).
- Amin'ny alalan'ireo rafitra mpandrindra foibe sy eny ifotony, manangana drafitra hamonoana ny afo raha vantany vao fantatra, avy amin'ny zanabolana ny teboka iaingan'ny afo (Iza no hahetsika ? Amin'ny fomba ahoana ? Inona ny fitaovana ? sns.)

- Manangana kisary mazava momba ny afo, momba an'ireo faritra saropady amin'ny alalan'ny « Géoportail » n'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy, miompana amin'ny fanaraha-maso ny afo sy ny loza aterany.

## TORO TEKNIKA

| | |
|---|---|
| **Fahitsiana** | Ny fitaovana FIRMS NASA dia ahafahana mamaritra mazava ny toerana mirehitra, sahabo 80 ka hatramin'ny 100m, ary ahafahana mamaritra ireo faritra mirehitra manana habe 1 hatramin'ny 7 m2. |
| **Hatetiky ny fanavaozana ny torohay** | Ny fanavaozana ny torohay dia miankina amin'ny hatetiky ny fandalovan'ny zanabolana 4 izay manangona ny torohay eto Madagasikara. Mihavao isaky ny 2 andro eo ho eo ireo torohay ireo. |
| **Fahafahana mampiasa** | Ny fitaovana FIRMS NASA dia azo ampiasaina amin'ny alalan'ny finday sy solosaina misy tolotra internet. Maro amin'ireo mpisehatra eny an-kianja anefa no tsy manana izany tolotra izany. Ho an'i Madagascar National Parks (MNP), ny mpiasa birao no maharay ny hafatra toroka, ary ireto farany no mampahalala ny mpisehatra eny ifotony. |
| **Fahazoa-manao** | Ny fitaovana FIRMS NASA dia ahafahana mandrafitra aloha ireo tranga manaitra amina faritra iray, ary mampandre avy hatrany raha misy firehetana ao amin'io faritra io. |
| **Fetra** | Rehefa manjombona ny andro eny amin'ny faritra araha-maso, dia tsy hita ny teboka iaingan'ny afo. |

## TOMBONY SY TEBOKA MITAKY FAHAMALINANA

| Tombony | Teboka mitaky fahamalinana |
|---|---|
| • Efa nandraman'ny MNP sy ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ny fanaraha-maso amin'ny alalan'ny zanabolana.<br>• Ahafahana ihany koa manao fanarahana ara-tsiantifika, isan-taona. | • Rehefa misy torohay voaangona, amin'ny fotoana misy firehetana ihany vao miasa ity fomba fanaraha-maso ity. Noho izany, mila drafitra isaky ny faritra saropady.<br>• Ilaina ny fitaovana manaram-penitra handinihana ireo sary ara-potoana sy ny faharetany, ary hitahirizana sy hampiasana ireo torohay ireo. |

# 3D. Manandrana ny fanaraha-maso ny afo amin'ny alalan'ny "drone" eny amin'ny faritra voasokajy ho lohalarana amin'ny fikajiana ny tontolo iainana

> *Mampiasa ireo "drones Savior 330", namboarin'ny orinasa AerialMetric, teto Madagasikara, ahafahana manara-maso akaiky ny afo.*

## ZAVA-MISY

Efa nosainin'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ny fampiasana drones entina mamboly hazo, fa tsy tafiditra kosa ny fanaraha-maso ny teboka iaingan'ny afo. Ny orinasa AerialMetric dia manamboatra drones azo ampiasaina, eto an-toerana, ary efa ampiasaina amin'ny fitaterana fanafody eny amin'ny faritra ambanivohitra eto Madagasikara, toa an'i Maroantsetra.

| Fanamby |
|---|
| • Mba hampahomby ity fanaraha-maso amin'ny alalan'ny drones ity, dia ilaina ny mampita ny tranga manaitra faran'izay haingana indrindra, eny amin'ireo mpisehatra voakasika voalohany, ary ahafahana mampandeha ny drafi-pitantanana mifanaraka amin'ny famonoana afo.<br>• Ny fanaraha-maso ny afo amin'ny alalan'ny drones dia mbola tsy nandramana teto Madagasikara, noho izany, mila andrana maro mialohan'ny fametrahana azy isam-paritra. |

## FANATONTOSANA NY ASA

Hoan'ny taona 2021, ny fampiasana ny drones Savior 330 misy fakan-tsary mitily marimpana, dia azo andramana :

- eny amin'ny faritra voasokajy ho lohalaharana amin'ny fikajiana ny tontolo iainana, manana toerana voaaro itahirizana ny fitaovana ;
- mandritra ny fotoana voafetra ;
- miaraka amin'ny fitambaran'ny lasim-pandaminana, fikarakarana, fahazoan-dalana aram-panjakana, fiantohana, fametrahana mpanamory voafantina, sahanin'ny mpanefa asa.

Ity fanandramana ity dia ahafahana mahita ny fahombiazan'ny fanaraha-maso ny teboka fiforonan'ny afo, amin'ny alalan'ny drone, ary hanombanana izany amin'ny alalan'ireo fepetra hentitra ny taona ho avy.Ny fanofana ireo drones ireo dia anton'ny fiaraha-miasa amin'ny orinasa AerialMetric izay mpamokatra azy.

## TORO TEKNIKA

- Ireo drones savior 330 ireo dia hofaina. Miaraka amin'ny fahazoan-dalana ahafahana misidina avy amin'ny Aviation Civile Malgache (ACM), ny mpanamory matihanina dia avy ao amin'ny ACM, miampy ny fikarakarana.
- Ity fanaraha-maso anabakabaka amin'ny alalan'ny drone ity dia mora vidy kokoa mitaha amin'ny fanaraha-maso amin'ny angidimby, sahabo 150 euros isan'ora ny sarany (raha 1 000 euros isan'ora

kosa ny fanofana angidimby). Mikajy ny tontolo iainana kokoa, raha jerena ny setroka ateraky ny angidimby.

- Ireo drones ireo koa dia ahitana fakantsary mitily mari-pana, avy amin'ny AerialMetric. Ity haitao ity dia azo ampiasaina amin'ny alina ary mitily ny afo ambany tany izay tsy hita fototra, amin'ny mason'olombelona.
- Maharitra 2 ora ny sidina vitany ary 200 km ny halavirana tratrany.
- 10 amin'ireo drones Savior no efa miasa eto Madagasikara, nahavita sidina 1 000 nandritra izay 12 volana izay.
- Afaka miainga sy mijanona amin'ny faritra rehetra ny drone, ary afaka manaraka drafitra miovaova araky ny zava-misy.
- Manome sary miaraka amin'ny torohay sy saritany mazava tsara, ahafahana mamaritra mazava ny teboka iaingan'ny afo.
- Ahafahana manara-maso faritra 500 Ha isan'ora miaraka amin'ny kalitaon-tsary 30cm/pixel.
- Ny fitaovana tsy azo ihodivirana ahafahana manaramaso maharitra, ny faritra voasokajy ho lohalaharana amin'ny fikajiana ny tontolo iainana dia: fitaovana fitahirizana torohay voaaro, drones 3 (2+ drone fiandry), mpanamory 3 farafahakeliny, ary tsara kokoa raha toerana mifefy no iantsonana.

## TOMBONY SY TEBOKA MITAKY FAHAMALINANA

| Tombony | Teboka mitaky fahamalinana |
|---|---|
| • Drones vokarina eto an-toerana, ary efa nahitana fahombiazana ny fampiasana azy.<br>• Ahafahana mitsirika sy manara-maso haingana eny an'habakabaka, ny faritra ahiana misy firehetana<br>• Afaka mandefa hafatra amin'ny alalan'ny fanamafisam-peo.<br>• Fanaraha-maso an'habakabaka amin'ny alalan'ny fiaramanidina efa nataon'ny WWF. Ny fampiasana drone dia ahazoana vokatra mitovy amin'izany fa amin'ny vidiny mora kokoa. | • Ity vahaolana ity dia heverin'ny mpisehatra sasany ho tsy mitombona na koa tsy azo eritreretina: omena lanja ny fomba ampahafantarana sy anazavana izany. |

## TOLOKEVITRA AVY AMIN'IREO VONDRON'NY TANTSAHA

Ity tolokevitra ity dia mety ho lavitry ny zava-misy iainan'ny vondron'olona eny ifotony. Tsy azo ihodivirana ny asa voakajy momba ny fampianarana, mba ho azon'ny tsirairay ny tolo-kevitra. Ilaina ihany koa ny fanandramana amina toerana voasokajy ho lohalaharana amin'ny fikajiana ny tontolo iainana, alohan'ny handrosoana ny paikady nasionaly amin'ny fanaraha-maso amin'ny alalan'ny drones.

# FEPETRA #4

## Mifehy sy mamono ny afo



# FEPETRA #4

## Mifehy sy mamono ny afo

*Ireo faritra saropady dia mitaky drafitra maty paika hisorohana ny fiforonana sy fihitaran'ny afo. Raha vao mahatsikaritra afo tsy manara-dalàna sy mety hitera-doza, izay hita amin'ny alalan'ny fanaraha-maso izay efa nosainina ao amin'ny Fepetra #3, dia efa misy drafi-pitantanana mahomby sy vonona avy hatrany, entina miady amin'ny afo. Ny mpikambana eto anivon'ny Alamino dia manome tolo-kevitra hetsika fototra 3, entina manatratra ny tanjona :*

***A.*** *Mampitombo sy manitatra aro afo manara-penitra*
***B.*** *Mamatsy sy mitantana ireo fitaovana manara-penitra entina mamono afo*
***D.*** *Manandrana ny fampiasana angidimby famonoana afo eny amin'ny faritra voasokajy ho lohalaharana amin'ny fikajiana ny tontolo iainana*

*Ity fepetra ity dia nosotomina tamin'ny fototra faha-4 ny paikady nasionaly ho fitantanana ny afo, novolavolain'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy izay « Fanomezana fitaovana manara-penitra ho an' ireo rafitra misahana ny fifehezana ny afo, ahafahana misoroka ny doro ala sy miady amin'ny afo ».*

# 4A. Mampitombo sy manitatra aro afo manara-penitra

*Fanapariahana eran'i Madagasikara ny fampiasana ny aro afo manara-penitra, indrindra manodidina ireo valanjavaboahary sy ireo toeram-pambolen-kazo. Eo ihany koa ny fampahafantarana ny lanja sy ny asan'ny aro afo ary ny fampanajàna ny lalàna velona mahakasika izany.*

## ZAVA-MISY

Mba hiantohana ny fiarovana ireo faritra nambolenkazo sy nohajariana mba hiadiana amin'ny afo, dia manana drafitr'asa miady amin'ny afo ny Fitaleavana misahana ny Fambolenkazo, Fitantanana ny Sahanala sy ny Ala (DRGPF) izay ao anatin'ny fandaharanasa PADAP (Tetikasa hay fambolena maharitra amin'ny alalan'ny fanajariana sy fanatsarana ny sahanala) dia misaina mialoha ny fametrahana aro afo any amin'ireo faritra iantseheran'ny fandaharanasa. Ao anatin'io fandaharanasa io ihany koa, ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy dia mandrafitra ny famoronana ny voly-aro afo.

Ny fampitomboana sy fanitarana ny aro afo manerana an'ny Madagasikara dia efa voalaza ao amin'ny didy laharana 87-143 izay mamaritra ny fomba fitevena ala sy ny fanaovana tavy.

| Fanamby |
| --- |
| • Zava-dehibe ny fiarovana ireto faritra ireto (faritra rakotr'ala, toeram-pambolenkazo, saha fambolena, sns.).<br>• Laharam-pahamehana ny hetsika ho fiarovana ireo faritra tandidomin-doza.<br>• Lokanady tratrarina arak'izany ny manangana sy mitandro ireo aro afo manara-penitra isan-taona, any amin'ireo toerana voafantina manerana ny Nosy. |

## FANATONTOSANA

Ity asa ity dia miara-dalana amin'ny fanatanterahana ny andro hiadiana amin'ny afo manerana ny Nosy, izay atao ny volana jona (hita ao amin'ny asa 1B « Fanokanana andro ho andro hiadiana amin'ny afo manerana ny Nosy »), io andro io izay natao ihany koa hananganana aro afo.

### Ny toerana hanaovana aro afo

- Ny toeram-pambolen-kazo sy ny faritra arovana no lohalaharana amin' ireo toerana hanaovana aro afo.
- Ireo aro afo ihany koa ho atsangana ao anatin'ny faritra arovana, entina mifehy ny afo raha sanatria ka misy afo tsikaritra ao anatin'ny valanjavaboahary.

### Iza no manao ireo aro afo ireo ?

Ny vondron'olona ifotony no miandraikitra ny fanaovana sy fitandroana ireo aro afo ireo. Ho an'ireo aro afo natao eny akaikin'ny ireo faritra arovana kosa, dia ny mpiandraikitra ny valanjavaboahary no mandrindra ny asa ataon'ny olona eny an-toerana, ary mamatsy ny fitaovana ilain'izy ireo (ho fanampiana ireo fitaovana efa hananany).

### Aro-afo voafantina : afo alohan'ny vanimpotoany sy voly- aro afo

Ny fanaovana tavy sy doro tanety mialohan'ny vanim-potoana main-tany dia manena ny fisian'ny doro ala tsy voafehy (mbola mando ireo zavamaniry), ary afaka mitsimbina ireo aro afo ho amin'ny vanim-potoana main-tany. Efa nahitana vokatra mahafapo moa ity fomba fanao ity, tany amin'ireo faritra nampiharana azy.

Ireo afo alohan'ny vanim-potoana main-tany anefa dia mbola vaosokajy ho afo tsy ara-dalàna. Ka mbola fanamby hafa no ahafahana manao izay hahara-dalàna azy, ary mandrisika izany fomba fanao izany. Mitaky andrana any amin'ireo toerana voasokajy ho lohalaharana amin'ny tontolo iainana, mba hanaovana tombana mahakasika ny mety ho voka-dratsy sy ny tombontsoa azo.

Ny fanaovana ireo voly-aro afo (fambolena zava-maniry misakana ny fiparitahan'ny afo) dia tsapa fa mahomby ary ahitana tombony ho an'ny vondron'ny tantsaha. Ampirisihana arak'izany ny fanaovana voly-aro afo any amin'ireo faritra mahamety ny fametrahana azy, izay mitaky teny ierana amin'ireo tantsaha.

### Fiaraha-miombonantoka amin'ireo sehatra tsy miankina

Maro ankehitriny ireo orinasa maniry handray anjara amin'ny hetsika ho an'ny tontolo iainana, no tsy mahahalala akory ny mpiombonantoka mila antoninana raha hirotsaka an-tsitrapo ny amin'izany. Ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ary ny Madagascar National Parks dia mandrisika ireo sehatra tsy miankina, amin'ny fihahiana ny valanjavaboahary ary ny famatsiana vola ireo hetsika amin'ny alalan'ny politikan'ny Fandraisan'andraikitry ny Orinasa ho an'ny Fiarahamonina (RSE). Ireo hetsika ireo dia zaraina amin'ny alalan'ny DPP (Sehatra Miankina sy Tsy miankina) izay tarihan'ny EDBM (Economic Development Board of Madagascar).

### Fikojakojana sy fanaraha-maso ny aro afo

- Manangana angon-kevitra sy torohay, izay ahitana ny aro afo amin'ny alalan'ny saritany ;
- Miantoka ny fanaraha-maso matetika sy ny fikojakojana ny aro-afo, izay iarahana amin'ireo tomponandraikitra isan-tsokajiny (tomponandraikitry ny valanjavaboahary, Vondron'Olona Ifotony na ny VOI...).

## TORO TEKNIKA

| | |
|---|---|
| **Ny fitaovana ilaina** | Ny aro afo dia mety vita tanana na ihany koa amin'ny alalan'ny saretin'omby na traktera. |
| **Ny fotoana takiana** | Ny lehilahy iray dia mahavita aro afo vita tanana, 20 metatra x 5 metatra mandritra ny iray andro. |
| **Habe** | Ny refin'ny aro-afo dia eo anelanelan'ny 6 hatramin'ny 25 metatra (Araka ny refy nataon'ny Madagascar National Parks) |
| **Karama** | Ny karama omena ny olona manao aro afo mandritra ny iray andro dia miovaova araka ny toerana. Any Maroantsetra ohatra : 7000 ar isan'andro, Isalo : 4000 ar isan'andro, ary any amin'ny faritra hafa kosa dia sakafo no omena azy. |

## TOMBONY SY TEBOKA MITAKY FAHAMALINANA

| Tombony | Teboka mitaky fahamalinana |
|---|---|
| • Teknika tsotra sady mahomby (ohatra hita amin'izany ny any Boeny sy Ankazobe).<br>• Ireo vondron'ny tantsaha dia efa manana fahaiza-manao amin'ny fanamboarana aro afo.<br>• Ny fampiasana ireo olona eny ifotony amin'ny fanaovana ny aro afo, dia miteraka loharanom-bola ho an'izy ireo, ary manena ny tsindry atao amin'ny tontolo iainana. | • Tsy ampy hifehezana ireo afo mahery vaika ny fisian'ny aro-afo.<br>• Mitaky fepetra fanampiny anefa ny fanaovana aro afo, mba hahatonga ny ady amin'ny afo hahomby (hita ao amin'ny ireo asa ambiny atolotra). |

## TOLO-KEVITRA AVY AMIN'NY VONDRON'NY TANTSAHA

Araka ny nambaran'ny tomponandraikitry ny vondron'olona ifotony, izay nakana hevitra, dia mora ahetsika amin'ny fanamboarana ny aro afo ireo tantsaha. Ireo asa ireo dia miteraka loharanom-bola, amin'ny alalan'ny fampiasàna ireo olona eny an-toerana.

# 4B. Mamatsy sy mitantana ireo fitaovana manaram-penitra entina mamono ny afo

> *Mamatsy fitaovana manaram-penitra ireo vondrom-piarahamonina eny amin'ireo faritra saropady. Mitantana sy manara-maso akaiky ny fampiasana ny fitaovana araka ny tokony ho izy.*

## ZAVA-MISY

Ny taona 2020, ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy (MEDD) dia namatsy fitaovana tany amin'ny faritra maro, anisan'izany Boeny sy Menabe. Mpamatsy vola maro ihany koa no nanome fitaovana, fa ireo hetsika ireo dia mbola tamin'ny faritra iasana sasantsasany ihany.

| Fanamby |
| --- |
| • Maro amin'ireo faritra saropady sy ahitana doro ala betsaka no mbola tsy ampy fitaovana manara-penitra, ahafahana miady amin'ny afo.<br>• Mbola mandeha an-tongotra lavitra ny mpisehatra eny ifotony rehefa mamono ny afo, ary miezaka manao izany amin'ny fitaovana tsizarizary.<br>• Omena lanja ihany koa ny filàna fototra amin'ny maha-olombelona ho an'ireo olona ireo, ary matetika izy ireo no mijanona any anaty ala mandritra ny andro maromaro, amin'ny ady amin'ny famonoana ny afo. |

## FANATONTOSANA

Fampitaovana ireo Vondron'Olona Ifotony (VOI) entina miady amin'ny afo :

- Fotodrafitrasa itahirizana rano, manakaiky ireo faritra saropady : siniben-drano, sinibe (ampiasaina ihany koa amin'ireo filàn'ny mponina samy hafa, indrindra eny amin'ireo faritra karakaina izay misy tsy fahampian-drano) ;
- Fitaovana itaterana rano entina mamono ny afo : siny fitoeran-drano, fitaovana famendrahana rano mahatakatra ka hatramin'ny 20m, hydro rollers, ratsan-kazo be ravina, lasaka fitondrana rano (20L) ;
- Talkie-walkie ahafahana mitantana sy mandrindra ny hetsika (matetika tsy afaka mampiasa finday)
- Fitaovana miaro ny mpamono ny afo (Akanjo sy kiraro manaram-penitra).

Manaraka ireto fepetra ireto ny fampitaovana :

- Mitaky fisiana drafitra mazava entina miady amin'ny afo ny fampitaovana ;
- Mba hahomby ny fitantanana ny fitaovana (isorohana ny halatra, fahasimbana, fampiasana fitaovana ankoatra ny nifanarahana…) dia misy ny fifanarahana an-tsoratra marolafy amin'ny teny malagasy, soniavin'ny VOI, ny mpitantana ny valanjavaboahary/Fitaleavam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy (DREDD)/ kaominina ;
- Manao tetikisa mandavan-taona (mampitaha ny entana miditra sy mivoaka) miaraka amin'ireo mpanao sonia amin'ny fifanarahana marolafy ;
- Manangana arofenitry ny fampiasana ny fitaovana entina mamono ny afo, miaraka amin'ny Madagascar National Parks (MNP)/Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy (MEDD) ;
- Fananganana fiaraha-miasa amin'ny mpamatsy fitaovana ;
- Omena lanja ny fampitaovana izay efa nataon'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy tamin'ny alalan'ny fandaharanasa fampiasambolam-panjakana (PIP).

## TOMBONY SY TEBOKA MITAKY FAHAMALINANA

| Tombony | Teboka mitaky fahamalinana |
|---|---|
| • Efa namatsy fitaovana vao tsy ela ny fitondram-panjakana. Akana traikefa izany mba hampahomby ny hetsika.<br>• Hetsika azo tsapain-tanana, izay mandrisika ny mpisehatra isan-tsokajiny eny ifotony sy mampahomby ny hetsika. | • Mitaky fitandremana ny amin'ny fahasimbana, ny halatra na ny fampiasana tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy<br>• Eny amin'ny faritra karakaina, mitaky fahamalinana ny fampiasana ny siniben-drano natokana amin'ny ady amin'ny afo : azo ampiasaina amin'ny filàna ara-dranon'ny mponina. |

## TOLO-KEVITRA AVY AMIN'NY VONDRON'NY TANTSAHA

Ireo vondron'ny tantsaha nakana hevitra dia nametraka ny fananganana ny mpamonjy voina miady amin'ny afo isam-paritra, ary vatsiana fitaovana manara-penitra.

# 4D. Manandrana ny fampiasana angidimby famonoana afo, eny amin'ny faritra voasokajy ho lohalaharana amin'ny fikajiana ny tontolo iainana

> *Fanetsehana angidimby iray na maromaro misy "bambi buckets" famonoana afo eny amin'ny faritra voasokajy ho lohalaharana amin'ny fikajiana ny tontolo iainana manomboka ny taona 2021.*

## ZAVA-MISY

Ny fitaovana an'habakabaka famonoana afo (angidimby arifitaovana, canadairs) dia nahomby tamina firenena maro. Tsy mbola nandramana anefa izany fitaovana izany teto Madagasikara, na dia hita aza ny lanjan'ny olan'ny afo.

| Fanamby |
|---|
| • Araky ny nambaran'ny mpisehatra eny an-kianja, mandray anjara amin'ny ady amin'ny afo eny ifotony, ny fitaovana an-tanety famonoana afo dia tsy mifanaraka amin'ny zava-misy ary tsy ampy ho amin'ny fifehezana ny afo mahery vaika.<br>• Ny fiovan'ny toetrandro dia miteraka afo mahery vaika (ohatra : Australie). Madagasikara dia mila maminavina mialoha ny fitaovana mahomby fiadiana amin'ny afo. |

## FANATONTOSANA

Ny fampiasana angidimby arifitaovana amonoana ny afo dia azo andramana manomboka amin'ity taona ity, ary mitaky ireto fepetra manaraka ireto :

- Miantso mpanefa asa izay mamatsy ny angidimby arifitaovana miaraka amin'ny mpanamory hiditra an-tsehatra ;
- Ny mpanefa asa dia miantoka ny kalitaon'ny fidirana an-tsehatra, ny fikojakojana, ary ny lasim-pandaminana ;
- Ireo firotsahana an-tsehatra ireo dia manaraka lasitra, noho izany dia voafaritra mialoha ny sarany : isan'ny sidina, faritra idirana an-tsehatra, sns ;
- Ny tomponandraikim-panjakana mahefa, dia manangana sari-tanin'ny faritra idirana an-tsehatra, manangona ireo toro maneho ireo teboka misy rano, sy mamaritra ny toerana iasan'ny angidimby amin'ny fametrahana teboka toeram-piantsonana, sy ny toby fitahirizana solika ;
- Azo atao mandritra ny fanandramana ny fampitana ny fahaiza-manao amina mpanamory eny ifotony ;
- Ny fiarovana ireo mpiandraikitra mandray anjara sy ny fitaovana, dia andraikitry ny zandarimaria na ny tafika. Iarahana miasa amin'ny mpanefa asa.

Ity andrana ity dia natao hanombanana ny fahombiazan'ny angimby arifitaovana entina miady amin'ny afo.  Raha mahafapo ny vokatra dia hitarina manerana ny Nosy.

## TOMBONY SY TEBOKA MITAKY FAHAMALINANA

| Tombony | Teboka mitaky fahamalinana |
|---|---|
| • Fisian'ny angidimby an'olontsotra sy an'ny tafika, eto amin'ny tany sy ny firenena izay azo ahetsika.<br>• Mpanamory voaofana eo anivon'ny tafika sy olontsotra.<br>• Tsy mitaky fanovana ara-drafitra goavana, ny fahazoam-bokatra haingana sy azo tsapain-tanana. | • Laharam-pahamehana ny fananganana paikady fampiasana angidimby (tsara fantatra momba ny fikarakarana, ny teti-bola ahetsika, sns.) anomezana antoka ny mpamatsy vola amin'ny fanofana angidimby famonoana afo.<br>• Mitaky famatsiam-bola mitokana, izay mbola faritana. |

## TOLO-KEVITRA AVY AMIN'NY VONDRON'NY TANTSAHA

Ity fepetra ity dia heverin'ny solotenan'ny vondrom-piarahamonina ho tsy mitombona. Ity karazana fepetra ity dia lavitry ny zava-misy eny an-kianja. Kanefa ity tolo-kevitra ity dia nambaran'ny mpisehatra matihanina sy manana traikefa amin'io sehatra io fa mitombona sy azo atao tsara. Laharam-pahamehana noho izany ny fisian'ny fampianarana, mba ahazoan'ny tsirairay ity fepetra ity.

# TSARA HO FANTATRA MOMBAN'NY ALAMINO SY NY MPIOMBONANTOKA

ALAMINO
AGORA DES PAYSAGES ET DES FORÊTS

*Ny Alamino, izay adika amin'ny teny frantsay hoe « l'Agora des Paysages et des Forets de Madagascar » dia asa santatra nasionaly, izay notarihan'ny INDRI, miompana amin'ny fanomezana lanja ny asa saina iombonana, hamerenana ho Nosy maitso an' i Madagasikara. Alamino dia notakarina avy amin'ny fomba entina manamora ny fifampiresahana sy ny fifanjohian-kevitra, izay nahitam-bokany tany amin'ny firenena hafa, ary nampifanarahana amin'ny hodidina eto Madagasikara. Ny tanjon'ny Alamino dia manampy ireo tomponandraiki-panjakana sy manampahefana ary ny mpisehatra isan-tsokajiny mba hiara-hisalaha amin'ny fanarenana sy fanajariana ireo velarantany 4 tapitrisa katramin'ny taona 2030.*

---

## Mpitan-tsoratra

INDRI
INITIATIVE POUR LE DEVELOPPEMENT
LA RESTAURATION ECOLOGIQUE
ET L'INNOVATION

*Alamino dia asa santatra namorain'ny INDRI, izay vokatra fampivondronan-kevitra malagasy, naorina tompon'andraikitry ambony miisa 13 eo anivon'ny fiarahamonim-pirenena sy sehatra tsy miankina. INDRI dia vondrona enti-mandinika paikady, ahafahana mahita fiovana marolafy eto Madagasikara. INDRI dia manasongandina ny famaritana ireo fomba fanao mahomby manerana ny Nosy sy manerantany, ary ny fifanaovana teny ierana eo amin'ny mpisehatra isan-tsokajiny (tomponandraiki-panjakana sy manampahefana, fiarahamonim-pirenena, mpikaroka, sehatra tsy miankina, Vondrona sy Fikambanana misehatra eo amin'ny fiarahamonina sy ny asa sosialy, mpamatsy vola) mba hanolo-kevitra mahakasika ny paikady mahaomby, ary ny fanamorana ny fanatanterahana azy.*

---

## Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy

MINISTERE DE L'ENVIRONNEMENT ET DU DEVELOPPEMENT DURABLE

*Ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy dia misahana ny velirano fahafolon'ny Filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry Nirina, dia ny «Fananganana fitantanana mahomby ireo harena voajanahary, izay fanoitry ny fandrosoan'i Madagasikara ». Izany dia mifantoka amin'ny fandrisihana ny fizahantany miaro ny tontolo iainana, fanomezan-danja ny harena an-kibon'ny tany, fiarovana ny biby sy ny zava-maniry ary ny tany, fambolena eny amin'ireo toerana karakaina ary miady amin'ny fahapotehan'ny tontolo iainana.*

## Mpiombonantoka teknika

dreamocracy

*Dreamocracy dia fampivondronan-kevitra iraisam-pirenena matihanina amin' ny fampiroboroboana ny fomba fiasa miompana amin'ny fanomezana lanja ny asa saina iombonana, ahafahana manafaingana ny fiovana sy manatratra ireo fanamby goavana eo anivon'ny fiarahamonina.*

FANAMBY
DEFIS - CHALLENGES

*FANAMBY dia fikambanana tsy mirona amin'ny fitadiavam-bola, niforona ny taona 1997. Misehatra amin'ny tontolo iainana ary mandray anjara amin'ny fiarovana ny karazan-javamananaina eto Madagasikara. Miaro ny harena voajanahary no fototr'asany, amin'ny alalan'ny fampandraisana andraikitra ny mpisehatra isan-tsokajiny sy ireo olona voakasika, anisan'izany ny vondrom-piarahamonina ifotony, mandritra ny asa iray manontolo amin'ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary sy ny fandrosoana ifotony.*

---

## Mpamatsy vola

CRITICAL ECOSYSTEM PARTNERSHIP FUND

*Ny CEPF dia asa santatra miara-dalana amin'ny Agence Francaise de Développement, ny Conservation International, ny Vondrona Eoropeanina, ny Famatsiam-bola natokana ho an'ny Tontolo iainana eran'izao tontolo izao, ny fitondrana Japoney sy ny Banky iraisam-pirenena. Ny tanjony fototra dia mandris*

AFD
AGENCE FRANÇAISE DE DÉVELOPPEMENT

*Ny Agence Française de Développement dia andrim-panjakana misahana ny lafin'ny vola izay manatontosa ny politika-pampandrosoan'ny Frantsa, hiadiana amin'ny fahantrana sy fanomezana tombon-dahiny ny fandrosoana lovainjafy.*

FANAINGA
Appui à la société civile malagasy

*Fanainga dia famatsiam-bola tohanan'ny Vondrona Eoropeanina, ny coopération allemande, ny Principauté de Monaco, ary ny masoivohon'ny Frantsa eto Madagasikara, ary notontosain'ny GIZ. Mikendry ny fampivoarana ny fiarahamonim-pirenena tomponandraikitra sy mandray anjara feno amin'ny fandrosoana lovainjafy eto Madagasikara.*

# TENY FISAORANA

## Isaorana tamin'ny fanohanany :

- Ramatoa Raharinirina Vahinala Baomiavotse, Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy
- Andriamatoa Ranarivelo Fanomezantsoa Lucien, Minisitry ny Fambolena sy Fiompiana
- Andriamatoa Randriamandranto Richard, Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola
- Andriamatoa Amiraly Lefitra Ranaivoseheno Antoine de Padoue, Sekretera Jenaralin'ny Ministeran'ny Fiarovam-Pirenena
- Andriamatoa Lezoma Andrimahatola Tsiry, Tale Jeneralin'ny Fiompiana - Minisitry ny Fambolena sy Fiompiana ary ny Jono
- Andrimatoa Randrinasoloarimina Tiana, Mpandrindra tetikasa - Ministeran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy

## Mpikamban'ny filan-kevim-pitantanana sy ny vondrona miady amin'ny afo eo anivon'ny Alamino

- Raharijaona Liva Alain, Fondation pour les Aires Protégées et la Biodiversité de Madagascar/ Tsangan'asa hoan'ny Faritra Arovana sy ny Karazan-javamananaina eto Madagasikara. (FAPBM)
- Razafimbololona Angéline, Tranoben'ny Tantsaha Mpamokatra Nasionaly (TTMN)·
- Ramy Angelo, Durrell
- Randrianarisoa Avotiana, - Minisitry ny Fambolena sy Fiompiana ary ny Jono
- Ramamonjisoa Bruno, École Supérieure des Sciences Agronomiques (ESSA)
- Camara Christian, Missouri Botanical Garden (MBG)
- Rakotomalala Léonard Christian, Soa Afafy Hampahomby ny ho Avy (SAHA)
- Fanohiza Claude, Tany Meva
- Razafitsalama Claudie, Vondrona Nasionalin'ny Fitrandrahana Ala eto MADAGASIKARA /Groupement National des Exploitants Forestiers de Madagascar (GNEFM)
- Kolonely Ratsimbazafy Modeste, Ministeran'ny Fiarovam-pirenena
- Rabenirina Danielle, Agence Française de Développement (AFD)
- Raparison Eric, Sehatra Iombonana ho an'ny Fananantany (SIF)·
- Reed Erik, Banky Iraisampirenena
- Man-Wai Rabenevanana Erwan, Dry Forest Initiative
- Mayer Xavier François (Fifou), Confédération du Tourisme de Madagascar /Fivondronan'ny zahatany eto Madagasikara
- Debouche Frédéric, Graine de vie·
- Etancelin Gaëtan, Syndicat Malgache de l'Agriculture Biologique /Sendika Malagasy misehatra amin'ny fambolena bilojika (SYMABIO)
- Rambeloarisoa Gérard, Catholic Relief Services (CRS)
- Randriamalala Haja, Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana ary ny Jono
- Rarivomanana Hanitra, Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy
- Rasoanaivo Hanitra, OP500
- Razafindrahanta Hanitra, Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy (MEDD)
- Razafindralaisa Léon Harinaina, Madagascar National Parks (MNP)
- Rabevohitra Harisoa, SAVAIVO Madagascar
- Rakotoson Henri, Tafo Mihaavo
- Emoantra Hermany, Réseau MIHARI
- Rajaonson Hery, Ministeran'ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola (MEF)
- Bouvet Jean-Marc, CIRAD
- Andriamiharimanana Joary Niaina, GIZ
- Ratsimbazafy Jonah, Groupe d'Etude et de Recherche sur les Primates de Madagascar (GERP)
- Ratsimbazafy Julien Noel, Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy (MEDD)
- Rakotondrasoa Laza, Banky Iraisampirenena
- Gaylord Lisa, Catholic Relief Services (CRS)

- Razafimanandraibe Louis de Gonzague, Tafo Mihaavo
- Heriantenaina Mahefa, FEKRITAMA
- Rakotoarijaona Mamy, Madagascar National Parks (MNP)
- Fontaine Max, Bondy
- Ratsifandrihamanana Nanie, World Wildlife Fund (WWF) Madagascar
- AndrianahariNosy Natacha, Ministeran'ny Fanajariana ny Tany sy Asa Vaventy (MATP)
- Razakamanarina Ndranto, Alliance Voahary Gasy (AVG)
- Rakotondramaka Nicolas, SAVAIVO Madagascar
- Andrianirina Nicole, Union Européenne Madagascar/Vondronan Eoropeanina eto Madagasikara
- Ravoninjatovo Onjatiana, Graine de vie
- Laby Patrick, Madagascar Forests and Communities Caretakers (MFCC), représentant des organisations de jeunesse/ solotenan'ny vondron'ny tanora
- Burnod Perrine, CIRAD
- Ratefiarivony Romuld, FFKM
- Andrianarisoa Voos Romy, Groupement des Entreprises de Madagascar (GEM)/ Fivondronan'ny Orinasa eto Madagasikara.
- Rakotomalala Sanda, Malagasy Youth Biodiversity Network (MYBN), représentante des organisations de jeunesse/ Solotenan'ny vondron'ny tanora
- Rakotonarivo Sarobidy, Forest4climate and People
- Andriamanana Tiana, Fanamby
- Razafimahatratra Tiana, USAID
- Rasolofomanana Vonimirana, Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy (MEDD)
- Clémentine Marie Voninavoko, Fandaharanasa miady amin'ny fihotsahan'ny tany (PLAE).
- Rabenitany Yvannie, Silo National des Graines Forestières de Madagascar (SNGF)

## Vondron'ny Tantsaha nakana hevitra

- Rakotovao Baritia, FEKRITAMA
- Razafinama Randrianambinina Cassim, Coalition Paysanne de Madagascar/ Fivondronan'ny Tantsaha eto Madagasikara.
- Fanomezantsoa Andriamahatanarivo, Soamitsinjo
- Rakotondramanana Guy Rolland, FIFATA
- Razafindraibe Haingotiana, Malagasy Dairy Board
- Rakotomavo Haja, Confédération Nationale Koloharena/Fivondronam- panjakana Nasionaly Koloharena
- Rivomilanto Hasinandriandrarinoro, Federasionan'ny Vehivavy Tantsaha eto Madagasikara
- Razafindrasoa Hélène, Federasionan'ny Vehivavy Tantsaha eto Madagasikara
- Rakotonirina Jocel, Réseau Soa/Tambajotra Soa
- Randrianarivelo Jules, Confédération Nationale Koloharena/ Fivondronana Nasionaly Koloharena
- Mbehosoa, Coalition Paysanne de Madagascar/Fivondronan'ny Tantsaha eto Madagasikara
- Fenohanitra Onjaharifetra, FIFATA
- Rabemananjara Safidy, Réseau Soa/Tambajotra Soa
- Ralaimihoatra Solofo, Réseau MIHARI/Tambajotra MIHARI
- Rakotoniaina Sylvie, Tranoben'ny Tantsaha Mpamokatra Nasionaly (TTMN)

## Isaorana ihany koa ireto olona manaraka ireto tamin'ny fandraisany anjara :

- Houyoux Alain, Délégation de l'Union Européenne à Madagascar/ Delegasiona ny Vondrona Eoropeanina eto Madagasikara
- Rambel Andrianisa, Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy (MEDD)
- Jeneraly Heritiana Ramasy
- Jeneraly Rakotosalama Rivo Zefania
- Harrisson Hamill, Dry Forest Initiative
- Razafimandimby Heriniandry, Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes Birao Nasionaly misahana ny Fitantanana ny Loza sy Loza voajanahary (BNGRC)/.
- Andrianjafy Ihando, Fitaleavam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy (MEDD)
- Durbin Joanna, USAID
- Wilmé Lucienne, Word Ressource Institute (WRI ) in Madagascar
- Raveloarimisa Mbolatiana, Fivondronan'ny onjam-peo eto Madagasikara

- Michaela Braun, GIZ
- Randriatsivery Monique, CEPF
- Vieille Monique, CEPF
- Dolch Rainer, Mitsinjo
- Randriantsoa Ranto, Fondation pour les Aires Protégées et la Biodiversité de Madagascar Tsangan'asa hoan'ny Faritra Arovana sy ny Karazan-javamananaina eto Madagasikara (FAPBM).
- Lewis Richard, Durrell
- Randriamananjara Sandrina, APUM
- Hiernaux Sophie, FANAINGA
- Boucher Stephen, Dreamocracy
- Bihr Stephane, AerialMetric

Tohananay ny :

DÉCENNIE DES NATIONS UNIES POUR LA
RESTAURATION
DES ÉCOSYSTÈMES
2021-2030

RAHA HIFANDRAY AMINAY


alamino@indri.solutions

+261 34 30 314 00

solutions.indri

www.indri.solutions


ALAMINO
AGORA DES PAYSAGES ET DES FORÊTS